# *Ny Porofon'Ny Fitsanganana*

[Mamaky ny Lioka 24:1-32 Rahalahy Orman Neville—Mpand.]

[*Ankehitriny tamin'ny andro voalohan'ny herinandro, tena vao maraina be, dia tonga teo amin'ny fasana izy ireo, nitondra an'ireo zava-manitra izay efa namboarin'izy ireo, ary ireo hafa sasany niaraka tamin'izy ireo.*]

[*Ary hitan'izy ireo fa nikodia niala tamin'ny fasana ny vato.*]

[*Dia niditra izy ireo, nefa tsy nahita ny vatan'ny Tompo Jesosy.*]

[*Ary izao no niseho, raha mbola tena very hevitra mikasika an'izany izy ireo, indro, nitsangana teo akaikin'izy ireo ny lehilahy roa nanao fitafiana namirapiratra:*]

[*Ary raha natahotra izy ireo, ka nanondrika ny tavany tamin'ny tany, dia hoy izy ireo tamin'izy ireo hoe, Nahoana no eo anivon'ny velona no itadiavanareo ny maty?*]

[*Tsy eto izy, fa efa nitsangana: tsarovy hoe ahoana no nitenenany taminareo fony izy mbola tany Galilia,*]

[*Nanao hoe, Ny Zanak'olona tsy maintsy atolotra eo an-tànan'ireo olona mpanota, ka hohomboana, ary hitsangana indray ny andro fahatelo.*]

[*Ary tsaroan'izy ireo ny teniny,*]

[*Dia niverina avy tany amin'ny fasana, ka niteny an'ireo zavatra rehetra ireo tamin'ny iraika ambin'ny folo, ary tamin'ny sisa rehetra.*]

[*Maria Magdalena ilay izy, sy Johana, sy Maria renin'i Jakoba, ary ireo vehivavy hafa izay niaraka tamin'izy ireo, izay niteny an'ireo zavatra ireo tamin'ireo apostoly.*]

[*Ary ny tenin'izy ireo dia toy ny arirarira foana tamin'izy ireo, ka tsy ninoan'izy ireo izany.*]

[*Dia nitsangana i Petera, ka nihazakazaka nankany amin'ny fasana; ary niondrika, nijery an'ireo lamba rongony nipetraka nitokana izy, ka lasa, nanontany ny tenany ny amin'izay niseho.*]

[*Ary, indro, ny roa tamin'izy ireo nandeha tamin'izany andro izany ihany nankany amin'ny vohitra iray*

*nantsoina hoe Emaosy, izay tokony ho enim-polo stadio avy ao Jerosalema.*]

[*Ary niara-niresaka ny amin'ireo zavatra rehetra izay nitranga izy ireo.*]

[*Ary izao no niseho, fa, raha mbola niara-nisaina sy nandanjalanja izy ireo, dia nampanatona ny tenany akaiky Jesosy, ka nandeha niaraka tamin'izy ireo.*]

[*Saingy nohazonina ny mason'izy ireo mba tsy hahafantarany azy.*]

[*Ary hoy izy tamin'izy ireo hoe, Karazana resaka inona izany ifampiresahanareo izany, raha mandeha ianareo, ary malahelo?*]

[*Ary ny iray tamin'izy ireo, izay Kleopasy no anarany, namaly ka nanao taminy hoe, Vahiny iray ao Jerosalema fotsiny ve ianao, ka tsy mahafantatra an'ireo zavatra izay miseho any amin'izao andro izao?*]

[*Dia hoy izy tamin'izy ireo hoe, Zavatra inona? Dia hoy izy ireo taminy hoe, Mikasika an'i Jesosy avy any Nazareta, izay mpaminany mahery iray tamin'ny asa sy ny teny teo anatrehan'Andriamanitra sy ny olona rehetra:*]

[*Ary ahoana fa ireo lohan'ny mpisorona sy ireo mpanapaka antsika no nanolotra azy mba hohelohina ho faty, ary nanohombo azy.*]

[*Nefa nahatoky izahay fa izy no ilay efa hanavotra ny Isiraely: ary ankoatr'izany rehetra izany, dia androany no andro fahatelo hatramin'ny nahavitan'ireo zavatra ireo.*]

[*Eny, ary ny vehivavy sasany avy amin'ireo namanay ihany koa dia nanao anay ho talanjona, izay tany amin'ny fasana vao maraina;*]

[*Ary rehefa tsy nahita ny vatany izy ireo, dia tonga izy ireo, nilaza, fa nahita fahitana iray an'ireo anjely koa izy ireo, izay nilaza fa velona izy.*]

[*Ary ny sasany tamin'ireo izay niaraka taminay dia nandeha nankany amin'ny fasana, ka nahita an'izany arak'izay nolazain'ireo vehivavy mihitsy aza: nefa tsy hitan'izy ireo izy.*]

[*Dia hoy izy tamin'izy ireo, O ry adala, sy votsa fo mba hino an'izay rehetra nolazain'ireo mpaminany:*]

[*Tsy tokony hiaritra an'ireo zavatra ireo ve Kristy, ka hiditra ao amin'ny voninahiny?*]

[*Ary nanomboka tamin'i Mosesy sy ny mpaminany rehetra, dia nambarany tamin'izy ireo tao amin'ny soratra rehetra ireo zavatra mikasika ny tenany.*]

[*Ary nanakaiky ny vohitra izy ireo, izay nandehanan'izy ireo: ary izy dia nanao toy ny hoe handeha lavidavitra kokoa izy.*]

[*Fa nanery azy izy ireo, nanao hoe, Mitoera miaraka aminay: fa efa ho hariva izao, ary lasan-davitra ny andro. Dia niditra izy mba hijanona hiaraka amin'izy ireo.*]

[*Ary izao no niseho, raha niara-nipetraka nihinana niaraka tamin'izy ireo izy, dia nandray ny mofo, sy nisaotra an'izany, ary namaky, ka nanome ho azy ireo.*]

[*Dia nahiratra ny mason'izy ireo, ka nahafantatra azy izy ireo; ary nanjavona teo imason'izy ireo izy.*]

[*Dia nifampiresaka izy ireo hoe, Tsy nangorakoraka tao anatintsika ve ny fontsika, raha niresaka tamintsika teny an-dàlana izy, ary raha nanokatra tamintsika an'ireo soratra izy?*]

2 Misaotra anao, Rahalahy Neville. Ary "Manao ahoana," ho anareo rehetra.

3 Efa andro lehibe iray ho ahy ilay izy, ity andro ity. Efa lehibe izy tamin'ny fomba maro. Mazava ho azy, miha-antitra kely aho, androany, koa izany no manao an'ilay izy ho lehibe kely kokoa, ary miha-lehibe kokoa aho. Fa izaho . . . Efa andro iray lehibe ilay izy satria Paska izao. Ary, avy eo, andro lehibe iray satria nisy zavatra nitranga tamiko tamin'ity andro ity, izay izaho dia, tsy ho hadinoko mihitsy. Izany dia faniriana iray izay tonga tato ampoko. Hoe izaho . . .

4 Nandritry ny fiainako rehetra dia nanontany aho mikasika an'ireo zavatra, ary nahoana aho no teraka teto amin'ity izao tontolo izao ity.

5 Noho izany dia nieritreritra fotsiny aho, aninkeo maraina, rehefa niresaka ny amin'i Mosesy. Ary, izy, inona no tsy maintsy tonga tao an-tsainy rehefa nianatra izy fa Hebreo iray izy! Nahoana Andriamanitra no namela azy mihitsy ho voataiza tao amin'ny lapan'i Farao, nefa avy eo dia haka an'ilay toerana, toerana iray any ambadiky ny tany efitra, mba hahita an'izay tsy maintsy hataony eo amin'ny fiainana?

6 Ary nanontany matetika aho, raha mbola zazalahy iray, hoe ahoana fa Andriamanitra, tamin'ireo andro voalohany, dia niresaka tamiko. Avy eo dia manontany aho hoe nahoana Izy no namela an'io sary io ho azo. Manontany aho hoe nahoana Izy no nanao an'izany tany Alemaina sy tany Finlande. Nanontany aho hoe nahoana no nitranga ireo zavatra rehetra ireo. Tsy afaka mino fotsiny aho hoe satria ilay izy dia . . . Satria, tsy mpitory teny iray aho; tsy manana fianarana aho. Tsy manana fahaizana mba ho mpitory teny iray aho. Tsy maintsy zavatra hafa iray izany. Mino aho fa ao anatin'ny

fanandevozana ny vahoakan'Andriamanitra. Mino aho fa ao anatin'ny fanandevozana izy ireo nohon'ny fombafomban'olona. Ary, androany, dia manana an'aliny eo am-pahafatesana isan'andro isika, miaraka amin'ireo aretina izay tsy azon'ny siansa kasihana, ary zanak'Andriamanitra izy ireo. Ary mino aho. . . Izaho—mety tsy ho velona hahita an'izany aho. Saingy mino aho fa ho avy ny ora iray, ary mety ho antomotra tsy ho ela izany, izay hanaovan'Andriamanitra zavatra amin'izany fanao izany, mba hanaporofo fa mbola Andriamanitra Tsitoha foana Izy. Izaho—mino an'izany aho. Efa nahita an'izany aho, tao amin'ny fatra iray, saingy mino aho fa fatra kely iray ny amin'izay ho hitantsika izany.

Ankehitriny, tsy maintsy hiainga aho, amin'ny maraina, ho an'ny fotoam-pialan-tsasatra kely iray.

7 Fa, izaho, androany, tao anatin'io rano io aho. . . Nanao batisa aho, matetika, saingy lasa nangatsiaka kokoa aho androany noho izaho hatramin'izay teo amin'ny fiainako. Tena nangatsiaka aho ka zara raha afaka niresaka. Ilay izy fotsiny dia nohon'ny "faharerahana." Efa nandeha aho hatramin'ny Krismasy, na taorian'ny Krismasy mihitsy, zara raha nisy hariva iray nalalaka. Ary tsy voan'ny sery mafy aho, saingy malemy sy reraka fotsiny.

8 Handeha hankany amin'ilay farihy aho, rahampitso, raha sitraky ny Tompo, haka andro fialan-tsasatra vitsivitsy. Hiverina aho, raha sitraky ny Tompo, afaka andro vitsy. Ary hihaona miaraka indray isika, alohan'ny andehanako any amin'ireo fivoriana, raha sitrak'Andriamanitra, izay eo amin'ny folo fotsiny, eo amin'ny roapolo andro manomboka izao.

9 Avy eo dia miverina aho, miaraka amin'ny volana iray manontolo, any amin'ireo fanjakan'i New England. Miverina . . . Izany dia ny volana manontolo an'ny May, miaraka amin'ny roa andro, roa na telo andro malalaka.

10 Avy eo manomboka eo, dia zara aho raha manana amboniny, eo amin'ny dimy andro eo, mandra-pandehako any Afrika. Izany dia mandritry ny volana Jona rehetra.

11 Ary ho sarotra izany. Hiankina amin'ity fiangonana kely ity aho, ireto olona ireto, hivavaka ho ahy; fa mila an'izany aho, tena mila an'izany mafy.

12 Ary, fantatrareo, tsy hisy anankiray hahafantatra mihitsy, amin'ity ilan'ny Voninahitra ity, hoe efa inona izany rehetra izany, ary ahoana ireo tolona izay tsy maintsy nandalovako. Tsy miteny an'izany amin'ny olona aho. Tsy ilaina ny miteny an'izany amin'ny olona. Tsy afaka hahazo an'izany izy ireo. Izaho koa tsy mahazo an'izany. Zavatra iray fotsiny ilay izy, manohy fotsiny ianareo, mandroso fotsiny.

13 Ankehitriny, mba tsy hahavoatery ny olona mitsangana hitsangana ela loatra, dia nifidy lahateny iray aho, izao

hariva izao, ity lahateny ity, araka ny vao avy namakian-dRahalahy Neville ny Lioka 24, ny amin'ny fitsanganana. Ny lohahevitro izao hariva izao dia: *Ny Porofon'Ny Fitsanganana*. Ary ankehitriny, raha mbola namaky izy, dia nisy zavatra maro izay Noresahany, eto, izay tiako hitodihana. Ary izany dia, ny voalohany, dia ireo izay nandeha nankeny amin'ny fasana, aloha, tamin'ny maraina.

14 Ankehitriny, tsy mampaninona na impiry Izy no maty, ary mampahonena toy ny ahoana ny Fahafatesany, raha tsy nisy ny fitsanganana, dia olona iray izay maty fotsiny Izy. Hitanareo?

15 Efa nisy lehilahy malaza maro teto amin'ny—teto amin'ny tontolontsika, izay nanao fanambarana lehibe.

16 Ohatra, Confucius, ilay filozofy Sinoa malaza, dia maty teo amin'ny telonjato sy roa arivo taona lasa teo izay.

17 Bouddha, ilay andriamanitra-mpaminany lehibe an'i Japon, dia maty ihany koa nanodidina ny telonjato sy roa arivo taona lasa izay; nanao fanambarana lehibe, saingy maty izy. Ary mijanona ao am-pasana izy.

18 Misy an'i Mohameta, ny tombontsoa naha-tany amin'ilay fasany ahy, izay, nandritry ny roa arivo taona, nitsanganan'ilay soavaly fotsy teo amin'ny fasany; manova an'ireo mpiambina isaky ny adiny efatra, manantena azy hitsangana indray andro any, ka hitety an'izao tontolo izao, ary handresy azy. Mohametana, izay fivavahana lehibe indrindra amin'ny isa, eto amin'izao tontolo izao. Mihoatra ny isan'ny Kristiana rehetra izy ireo, Katolika, atambatra. Saingy, kanefa, Mohameta dia ao am-pasana.

19 Ary ireo fivavahana rehetra ireo, rehefa milaza isika hoe, "Nitsangana tamin'ny maty Jesosy," dia hoy izy ireo, "Porofoy izany." Dia hoy isika hoe, "Eny, ao am-ponay Izy." Milaza izy ireo fa ao anatin'ny fo iray ireo mpanorin'izy ireo.

20 Fa tena faly aho fa Jesosy dia namela ho antsika fototra vatolampy, mafy iray an'ny Fitsanganany. Tsy mila manontany isika. Izany no Fahamarinana. Ilay zavatra mahagaga dia, hoe, olona maro no tsy mahita an'izany. Ary nanontany an'izany aho. Ary, izao hariva izao, dia hiezaka hanatona an'izany amin'ny alàlan'ny Soratra aho.

21 Ankehitriny, raha mahamarika ianareo, ireo izay teo amin'ny fasana, vao maraina be. Nihaona tamin'ny Lehilahy roa izy ireo, dia ireo Anjely nitafy namirapiratra, izay nilaza tamin'izy ireo fa Izy dia . . . "Nahoana ianareo no eo anivon'ny velona—ny velona no itadiavanareo ny maty?" Nandeha nankany am-pasana izy ireo ary nahita fa tsy tao Izy. Ary nametraka an'ity fanontaniana malaza ity Izy ireo hoe, "Nahoana no eo anivon'ny velona no itadiavanareo ny maty? Ary nilaza Izy, rehefa . . . Ireo zavatra izay Noteneniny taminareo ireo, fony Izy mbola tany Galilia."

22 Ankehitriny, mety hamaky fotsiny ny eo an-tampon'izany angamba ianareo, fa ndao isika hianatra an'izany vetivety. Hoy Izy hoe, "Niteny taminareo an'ireo zavatra ireo Izy fony Izy tany Galilia." Nahoana izy ireo no tsy nahazo an'izany? Nahoana izy ireo no tsy nahazo an'izany?

23 Ary ity misy dikany lehibe hafa iray an'izany, fa, ireo Izay niteny taminy an'io, na niteny tamin'ireo mpianatra ireo, dia tany am-pasana. Tsy maintsy efa niaraka Taminy koa Izy ireo tany Galilia, satria fantatr'Izy ireo izay notenenin'i Jesosy tamin'izy ireo talohan'ny fanohomboana Azy. Oh, zavatra iray voatahy toy ny inona! Hitanareo, ireo mpianatra ireo dia tsy nahafantatra fa tany ireo Anjely ireo, saingy tany marina tokoa Izy ireo, satria hoy Izy ireo hoe, "Tsy efa niteny an'izany taminareo ve Izy raha mbola tany Galilia Izy?"

24 Ary izany no manatanteraka an'izay nolazain'ny Soratra, hoe, "Ireo Anjelin'Andriamanitra dia mitoby manodidina an'ireo izay matahotra Azy."

25 Ary zavatra iray lehibe toy ny inona izany, ny mahafantatra fa, izao hariva izao, ato amin'ity tranobe ity mihitsy, dia misy Anjelin'Andriamanitra mitsangana manao jery atrika. Ary mahafantatra ny teny tsirairay izay lazaintsika Izy ireo, sy ny zavatra rehetra izay ataontsika.

26 Ary ity no porofo ara-tSoratra an'izany. Nanao hoe, "Tsy efa niteny taminareo an'ireo zavatra ireo ve Izy raha mbola tany Galilia Izy?" Nanao hoe, "Tsarovy fa Izy no niteny an'ireo zavatra ireo taminareo." Io teny io hoe, "tsarovy," teny iray mahafinaritra izany.

27 Ary, oh, ho zavatra iray mampalahelo toy ny inona izany ho an'ilay very, hoe rehefa avy nanisy tombokase ny fanamelohany izy ireo, ary rehefa avy nandre ny toriteniny farany izy ireo, nefa ho any amin'ny helon'ny devoly, very, ka tsy misy anjara iray hibebahana mihitsy; mba hahatsiaro an'ireo fanararaotra izay nolavin'izy ireo.

28 Hoy ianareo amiko, arak'izany hoe, "Ry mpitory teny, misy fahatsiarovana ve ao amin'ny helo?" Jesosy no nilaza fa nisy. Nilaza Izy fa ilay lehilahy manan-karena izay nanandratra ny masony, tao amin'ny helo, dia nahita an'i Abrahama, ary Lazarosy teo an-Tratrany. "Dia hoy izy hoe, 'Tsarovy, tamin'ny androm-piainanao . . .'" Misy fahatsiarovana iray.

29 Ary ahoana, ilay very, ho zavatra iray mahatsiravina toy ny inona izany, ny mahafantatra fa ireo fivoriana lehibe izay napetrak'izy ireo, ka nandre an'ireo toriteny mahery an'ireo mpitoritenin'Andriamanitra voahosotra; ary tsy izany ihany, fa ny mahita an'ireo famantarana sy fahagagana voahosotra izay nataon'Andriamanitra teo anivon'ny olona; ary avy eo ny mahatsiaro an'ireo fampitandremana rehetra ireo, kanefa dia very. Nahoana, hanenjika azy ireo mandrakizay izany.

30 Taorian'ny fahafatesan'i Jesosy, dia miteny amintsika ny Baiboly, hoe, "Nandeha Izy ary nitory teny tamin'ireo fanahy izay tao an-tranomaizina, izay tsy nibebaka tamin'ny fahari-po tamin'ny andron'i Noa." Ary mba hitondrana ny fahatsiarovany fa i Noa, sy Enoka, ary ireo mpaminany malaza tamin'ny androny, dia nijoro vavolombelona fa hisy Mesia iray ho avy, nefa nolavin'izy ireo ilay Hafatra.

31 Oh, ho zavatra mahatsiravina iray izany, ry sakaizako very, ho anareo, amin'izany andro izany, ny hahatsiaro. Rehefa maty ianareo, eto, dia manaraka anareo ireo asanareo. Ary na izy ireo hanenjika anareo mandritry ny Mandrakizay, na hitahy anareo mandritry ny Mandrakizay.

32 Fa, tsarovy, tsy maintsy ho zavatra lehibe iray toy ny inona izany, ary fifaliana iray, ho an'ireo izay voavonjy, ary afaka hitondra, hiatrika an'ireo zava-misy, ireo Anjely izay ato amin'ny tranobe ireo izao hariva izao, mba hampahatsiaro an'ireo fivoriana lehibe sy ireo fotoana lehibe, ary ilay fifaliana lehibe izay nananantsika niaraka. Tsy maintsy fotoana iray toy ny inona ny eo aloha, ho an'ireo vondrona roa, ny voavonjy sy tsy voavonjy!

33 Andriamanitra tsara iray Andriamanitra. Tena mahari-po Izy! Tena feno fahalemem-panahy Izy, sy fahamoram-panahy, ary faharetana! "Tsy Sitrany ny hahalevona ny rehetra." Ary nanao ny zavatra rehetra izay azo natao Izy, mba hisakana ny olona tsy ho levona. Saingy ho levona izy ireo, na ahoana na ahoana, satria tsy mino izy ireo.

34 Ankehitriny, dia haka ny fianarantsika isika, izao hariva izao, mahita lehilahy roa, aorian'ny fitsanganana. Ary maro no tonga ka niteny ny amin'ny fasana foana iray, nilaza fa tsy tao ny Vatany. Ary nilaza ireo vehivavy sasany fa nahita fahitana iray an'ireo Anjely izy ireo, izay niteny tamin'izy ireo hoe, "Nitsangana tamin'ny maty Izy." Ary, kanefa, niaraka tamin'io hafatra rehetra io, dia mbola tsy nino ireto olona ireto, ary kivy, niverina tany an-trano.

35 Ary ny mieritreritra, tamin'ny Paska voalohany, an'ilay marainan'ny Paska voalohany tsara tarehy, hoe velona teo anivon'ny olona Jesosy, nefa ireo izay mandeha, dia kivy, nandeha teny an-dàlana, niaraka tamin'ny fo malahelo, ary nikorontana mikasika ny fanohomboana. Ary raha nandeha izy ireo, dia hitantsika fa nisy Olona iray Izay nivoaka teo amin'ny sisin-dàlana ka nanomboka nandeha niaraka tamin'izy ireo. Ary tsy fantatr'izy ireo hoe Iza Izy, satria ny Soratra dia milaza fa efa nohazonina ny mason'izy ireo.

36 Oh, eto no tiako ho hitanareo. Tsy hoe zavatra izay nitranga fotsiny ity, fa faminaniana iray izany, ary aloky ny zavatra iray izay hitranga.

37 Fantatrareo, tsy nanao na inona na inona mihitsy ny Tompontsika finaritra mba hamalifaliana fotsiny. Ny zavatra rehetra izay Nataony dia nanana dikany iray. Ny zavatra rehetra izay Nataony dia Mandrakizay; tsy maty mihitsy izany; ny fihetsika tsirairay, ny hetsika tsirairay, ny Teny tsirairay. Oh, tena faly aho ny amin'izany. Afaka mifikitra amin'izany fotsiny ianareo, miaraka amin'izay rehetra ao anatinareo, ary ho tonga voaseho izany.

38 Ary raha nandeha teny an-dàlana izy ireo, dia nivoaka ny Lehilahy hafahafa iray. Ary izy ireo, Izy—hoy Izy tamin'izy ireo hoe, "Nahoana ianareo no tena malahelo?" Tokony ho sambatra izy ireo. Hoy Izy, "Nahoana ianareo no tena malahelo? Ary inona izany resaka izay resahanareo izany?" Dia hoy Izy hoe . . .

39 Namaly Azy izy ireo hoe, "Vahiny eto Jerosalema ve Ianao? Tsy Fantatrao ve ireo zavatra izay efa niseho? Nanana Mpaminany iray izahay tamin'ny Anarana hoe Jesosy avy any Nazareta. Ary nanantena Azy izahay, hoe Izy no ho Mpanafaka. Fa izao no andro fahatelo; ary ny olontsika no nanohombo Azy."

40 Ary nanomboka niteny an'ilay tantara izay niseho izy ireo, ahoana fa efa maty Izy, ahoana fa nanantena Azy ho ilay Mpanafaka lehibe izy ireo, saingy ahoana no nahafahan'ilay Mpaminanin'Andriamanitra Avo Indrindra nitsangana teo tao anatin'ny fitserana, niaraka tamin'ny rora teo amin'ny Tavany, ka namela miaramila iray hametraka vorodamba nanodidina ny Lohany, sy nanajamba ny Masony, ary nikapoka Azy teo amin'ny loha tamin'ny tsorakazo iray, ka nanao hoe, "Ankehitriny maminania, Ianao ry mpaminany, ka teneno aminay hoe iza no nikapoka Anao. Hino Anao izahay." Mihoatra noho izay mety ho azon'ny olona izany. Nihevitra izy ireo fa ho zavatra hafa noho izany ny Mesia.

41 Ary raha tsy izany no sary marina iray, amin'izao andro izao. Manantena ny Fanjakan'Andriamanitra ho hafa noho izay maha-izy Azy marina tokoa ny olona. Manantena an'Izany ho tonga amin'ny famirapiratana izy ireo. Manantena an'Izany ho velona ao amin'ny tanànan'i Vatican izy ireo na katedraly malaza iray. Saingy satria mitondra an'Izany eo anivon'ny andian'olona mahantra Izy, tsy mahay mamaky teny, manetry tena, dia Izany no manajamba ny mason'ireo hendry sy manan-tsaina.

42 Oh, fanesoana iray toy ny inona ho an'io vehivavy io ny maka sy esoina, manasa ny Tongony amin'ny volony, tahaka ny nataon'ilay mpino marina. Fanesoana iray toy ny inona ny mahita Azy mihantona eo amin'ny hazo fijaliana eo, miaraka amin'ny Tànany voafantsika eo amin'ny hazo fijaliana, ary mandre an'ilay mpisoronabe, nanao hoe, "Ankehitriny, raha Ianao no Zanak'Andriamanitra, dia manaova fahagagana iray eto. Avotsory fotsiny ny Tànanao, ka midìna avy eo amin'ny hazo fijaliana, dia hino Anao izahay."

43 Ankehitriny, ao amin'ny fisainan'ilay olona ara-boajanahary, ilay olona ara-nofo, ilay olom-piangonana, ilay mody-mpino. . .Satria ny fiangonana tsirairay dia mihazona karazan'olona telo samihafa, izany dia ilay mpino marina, sy ilay mody-mpino, ary ilay tsi-mpino. Ny fiangonana tsirairay dia manana azy ireo.

44 Ary ny mieritreritra fa ity Lehilahy ity, Izay nanokatra ny mason'ny jamba, nanokatra ny sofin'ny marenina, ary nanangana lehilahy iray tamin'ny maty, izay efa maty efatra andro, ary afaka nanao filazana tahaka an'izany izay Nataony, nefa avy eo dia nihantona teo, niaraka tamin'ny rora teo amin'ny Tavany, ka namela mpisoronabe iray hampahasosotra Azy ka hiteny Aminy zavatra tahaka an'izany, fa tsy nanokatra ny Vavany mihitsy Izy ka namaly teny iray, hiady hevitra. Satria hoy Izy hoe, "Manao izay mahafaly an'Andriamanitra foana Aho." Ary nahafaly an'Andriamanitra ny nanao an'izany hitranga.

45 Ankehitriny dia mandinika Azy mandritry ny minitra vitsy isika. Ankehitriny, ireto mpianatra ireto, tsy nety azon'izy ireo hoe nahoana io no tsy maintsy natao. Noho izany raha nandeha izy ireo ka nanomboka nitantara an'ilay tantara, tamin'izay fotoana izay dia najanon'i Jesosy izy ireo. Hitanareo, niseho tamin'izy ireo Izy rehefa niresaka ny Aminy izy ireo.

46 Ary izany no antony tsy Isehoany amin'ny maro be amin'ireo olom-piangonana, amin'izao andro izao, tsy miresaka betsaka ny Aminy izy ireo. Ny fiangonana dia miresaka foana ny amin'ireo fanao goavana izay ataon'izy ireo, fety sosialy goavana iray, na fitsangatsanganana iray izay hataon'izy ireo, na zavatra vaovao iray izay hataon'izy ireo, ny sasany amin'ireo fikambanana. Tena vesaran'ireo fikambanana ny fiangonana, hany ka tsy manana efitra ho an'i Kristy izy.

47 Ilay tena Fiangonana dia manaisotra foana an'ireo fikambanana rehetra ireo, ka mamadika ny zavatra rehetra ho fivoriam-bavaka, ireo izay mahafantatra Azy sy tia Azy.

48 Ary teo Izy. Niresaka ny Aminy izy ireo rehefa niseho Izy.

49 Raha hijanona tsy miresaka mikasika an'ireo mpiara-monina amintsika isika, ary hijanona tsy miresaka mikasika an'ireo mpihatsaravelatsihy ao am-piangonana, ka miresaka betsaka mikasika an'i Jesosy, dia hanana fisehoan'i Jesosy betsaka kokoa isika; miresaka mikasika an'ireo fahadisoan'ilay mpitory teny, miresaka mikasika an'ireo fahadisoan'ny zavatra hafa. Ary miresaka mikasika an'i Jesosy fotsiny, dia hisy zavatra betsaka hitranga.

Ankehitriny, ary rehefa niresaka izy ireo, dia niseho Izy.

50 Ary avy eo, mariho, rehefa miseho Izy, dia tsy manomboka miandany aminareo Izy. "Oh, marina izany. Tokony ho roahina *ity* anankiray ity. Ary tokony hanana pasitera vaovao iray *ity*. Na, nanao ratsy anareo *ity* mpiara-monina ity."

51 Hitanareo, vantany vao niseho Izy, dia nanomboka nitory ny Teny Izy. Ny tena mpanompon'Andriamanitra iray dia mandeha mankany amin'ny Teny foana. Hoy Izy hoe, "O ry adala, sy votsa fo mba hino an'izay rehetra nolazain'ireo mpaminany mikasika an'i Kristy." Hitanareo ve hoe ahoana, io, no Nampidirany an'izany? "Tena votsa sy adala ve ianareo, ka tsy nino an'izay nolazain'ilay mpaminany?"

52 Ahoana moa raha hiseho Izy, izao hariva izao? Tiako fotsiny ny hanontany an'izany. Inona no Hataony ato amin'ny Branham Tabernacle, izao hariva izao? Tena votsa fo ve ianareo?

53 Inona no Hataony eto Jeffersonville, izao hariva izao, izay efa nitoriana ny Filazantsara nandritry ny dimy amby roapolo taona; famantarana sy fahagagana, zava-mahagaga, zavatra iray tsy nisalasalana? Ireo zavatra izay tsy mbola natao mihitsy hatramin'ny nandaozan'i Jesosy ny tany, dia vita isan'andro. Sitrana ireo marary, natao ireo famantarana sy fahagagana. Vita ireo faminaniana lehibe, izay tsy diso mihitsy. Voatory tsy misy marimaritra iraisana ny Filazantsara, nefa mbola feno hipoka foana ireo fisotroan-toaka sy trano fandihizana amin'ny alina izao hariva izao, eto Jeffersonville. Oh, ahoana no ahafahantsika handositra ny fahatezeran'Andriamanitra?

54 Efa imbetsaka no nilazako an'izao, ary mbola lazaiko foana ilay izy, izao hariva izao. Raha namela antsika handeha tsy misy famaizana Andriamanitra, dia ho Andriamanitra iray tsy marina Izy. Tsy maintsy ho nanangana an'i Sodoma sy Gomora Izy, ka hiala tsiny amin'izy ireo, nohon'ny nandentehana azy ireo noho ilay zavatra iray ihany izay ataontsika isan'andro, ary miharatsy kokoa. Na dia, andian'olona mpanompo sampy aza izy ireo, fa isika dia natao ho firenena Kristiana iray.

55 Ary raha niresaka tamin'izy ireo Izy, ka nanomboka nanazava ny Soratra tamin'izy ireo, ary tsy hoe nikapokapoka azy ireo fotsiny tamin'ny lamosina Izy ka nanome azy ireo foto-pampianaran-jaza kely iray, fa nananatra azy ireo Izy, ka nanao hoe, "Adala ianareo, ary votsa fo. Nahoana ianareo no nisalasala tamin'izay nolazain'ny mpaminany?" Hitanareo ve hoe taiza no Nandehanany? Tao amin'ny Soratra avy hatrany.

56 Ary nanomboka nandinika sy nihaino izy ireo. Hoy Izy hoe, "Tsy tokony nitsangana tamin'ny andro fahatelo ve Kristy, ka niditra tao amin'Ny Voninahiny?" Ary raha nanohy Izy, nandritry ny andro manontolo, niresaka, kanefa tsy nahafantatra Azy izy ireo, satria nohazonina ny mason'izy ireo. Nikatona izy ireo, ka tsy afaka nahita Azy, na, nahazo Azy.

57 Ankehitriny, eto no tiako ahatongavana, izay tiako ho hitanareo. Izany no hafatra voalohany taorian'ny fitsanganana. Ary raha nandeha niaraka tamin'izy ireo Izy nandritry ny andro manontolo, dia tsy nahafantatra Azy izy ireo. Kanefa, niaraka tamin'izy ireo Izy, saingy Izy Tenany no nanao ny mason'izy ireo

hikatona. Fa rehefa tonga teo amin'ny filentehan'ny masoandro ilay izy, ka Jesosy dia nanao toy ny hoe handalo azy ireo fotsiny Izy.

58 Raha tsy izany marina tokoa no Nataony indray amin'izao andro farany izao, amin'ny filentehan'ny masoandro. Efa voamarikareo ve izay Nomeny ny fiangonana tamin'izany, nandritr'ilay andro? Nitory ny Teny fotsiny. Tsy nanao famantarana anankiray mihitsy Izy na fahagagana. Tsy nilaza na inona na inona mihitsy Izy afa-tsy ny nitory ny Teny fotsiny mikasika ny fitsanganana, ny amin'izay nolazain'ny mpaminany. Izany no Nataony hatramin'ny andron'ny Nahalasanany, hatramin'ity andro farany ity. Fa ankehitriny, oh, isaorana anie Ny Anarany, milentika ny masoandro, ary Izy dia nanao toy ny hoe tsy hijanona Izy.

59 Oh, afaka mieritreritra an'i Fanny Crosby aho rehefa niantsoantso izy hoe, "Aza mandalo ahy, O ry Mpamonjy mora."

60 Ary hoy ireto mpianatra ireto hoe, "Avia ka mitoera. Mijanòna miaraka aminay mandritry ny aizina, satria efa tara izao." Ary Izy dia nanao toy ny hoe hanohy Izy, saingy nanery Azy izy ireo. Amin'ny teny hafa, dia niangavy Azy izy ireo. Oh, raha nanana karazan'olona miangavy betsaka isika!

61 Ranabavy, rahalahy, fantatrareo ve fa ny Baiboly dia nilaza tamin'ny Fanahy Masina mba hanisy marika an'ireo izay misento sy mitaraina nohon'ny fahavetavetana natao tao an-tanàna fotsiny? Ankehitriny, te-hametraka fanontaniana iray aminareo aho. Manao fihetseham-po betsaka isika eo amin'ireo hevitsika ara-pivavahana, fa iza ao an-tanàna, izao hariva izao, eto Jeffersonville, no tena liana ny amin'izao tontolo izao very, amin'izao andro farany izao, izay mandany telopolo minitra mihitsy aza, alina iray, mivavaka ho an'ny fahotan'ny tanàna? Fa araka ny Soratra, ilay Anjelin'Andriamanitra dia natao fotsiny hanisy tombokase an'ireo izay nisento sy nitaraina nohon'ny fahavetavetana.

62 Tsy liana intsony isika. Tiantsika fotsiny ny hahafantatra fa afaka manana fotoana tsara iray isika. Tiantsika ny hahafantatra fa afaka manana fikambanana kely iray isika ao amin'ny fiangonantsika. Tiantsika ny hahafantatra fa isika dia manana ny—ny fifidianana iray ho avy, rehefa tonga ny fotoana hifidianana an'ilay pasitera manaraka. Tiantsika ny fiangonantsika ho tsaratsara kely kokoa noho ilay fiangonan'olona manaraka. Izany no hevitr'ity izao tontolo izao ity amin'izao andro izao. Tsy misy anankiray miangavy hoe, "O Tompo Andriamanitra, tongava amiko haingana, fa raha tsy izany dia ho levona aho. Oh, aza mandalo ahy, O ry Mpamonjy. Faratampon'ny hery Ianao. Ianao Izay manerana, avia ka mitoera ato am-poko, O Tompo." Sarotra mihitsy aza ny hanao lehilahy iray na vehivavy hanangana ny tànany, hanaiky

ny Tompo Jesosy ho Mpamonjy. Nesorina ireo dabilion'ny mpiangavy tamin'ny fanao fahiny. Tsy misy fitomaniana intsony. Tsy misy antsoantso eo amin'ny alitara intsony.

63 Eritrereto fotsiny, rehefa i Charles G. Finney, mpitory Filazantsara iray fotsiny, mpisolovava kely iray niova fo, lehilahy kely bitika toa maina, no nitsapa an'ireo famoahampeo tao amin'ny tranobe iray. Dia hoy izy hoe, "Mibebaha, fa raha tsy izany dia ho levona." Ary nisy lehilahy iray nipetraka tao anatin'ilay tafo boribory torana ka nianjera. Nitsangana teo amin'ny lavarangan'ny tranobe iray izy tany New England ary nitory ny helo tamin'ny very. Ary rehefa nihiakiaka izy hoe, "Ho levona ianareo raha tsy mibebaka," torana ireo lehilahy, sy ireo vehivavy, ary nianjera teny an-dàlambe.

64 Fa, amin'izao andro izao, afaka mitory ny fibebahana sy ny afo sy solifaran'ny helo ianareo, fa hihomehezan'ny olona izany. Inona ny olana? Mangatsiaka ny fontsika. Tsy miraika isika. Manana betsaka loatra isika. Mila kely kokoa an'izao tontolo izao isika ary betsaka kokoa an'Andriamanitra. Mangatsiaka loatra ny fontsika. Lasa liana amin'ny fientanampo iray isika. Lasa liana isika hoe, "Raha—raha afaka mandihy isika; raha afaka mihiakiaka isika." Mino an'izany aho. "Raha afaka miteny amin'ny fiteny tsy fantatra isika." Mino an'izany aho. Mino ny kely tsirairay amin'izany aho. Fa raha manana an'izany isika, nefa tsy manana an'izany fanahy mijaly mafy, mitomany, torotoro izany, dia tsy afaka mampiasa an'izany mihitsy Andriamanitra. Tsara ireo zavatra ireo, saingy tsy maintsy manana an'ilay hafa isika handeha miaraka amin'izany. Navelantsika ilay zava-dehibe, ka nalaintsika ilay faharoa; ary tsy afaka manalehibe ny kely iray mihitsy ianareo. Fantatsika izany.

65 Na dia ao amin'ireo fivoriantsika manokana aza, ireo fivoriantsika manokana dia manana be loatra an'ilay toerana izay misy be loatra momba ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra, raha tokony ho ny fanasitranana ny fanahy. Rahalahy, ny ilaintsika amin'izao andro izao dia fifohazana iray miparitaka, fanahy mirehitra ho an'Andriamanitra. Ny tiako lazaina hoe, "mirehitra," dia ny eto amin'ny alitara, miaraka amin'ireo ranomaso mikoriana amin'ny takolak'izy ireo. Tsy mandritry ny dimy minitra, ary mitsangana ka manadino an'ilay izy. Fa any ivelany miezaka ny hahazo an'ilay very hiverina amin'i Kristy indray; enta-mavesatra iray ao am-pon'izy ireo.

66 Andriamanitra, esory ireo fahafinaretan'izao tontolo izao rehetra, sy ny haingony rehetra, ny fialam-boliny rehetra, ka mametraha enta-mavesatra iray ato am-poko ho an'ny very, izany no ho fivavako.

67 Nanery Azy izy ireo. "O Tompo, tsy fantatray hoe iza

Ianao, Tompoko, fa tianay ny Toriteninao. Midira, ary mijanòna miaraka aminay mandritry ny alina." Dia niditra Jesosy. Nandeha niaraka tamin'izy ireo, fa tsy nahafantatra Azy izy ireo. Ary vantany vao niditra Izy . . . Mety ho trano bongo kely iray, saingy tsy misy na inona na inona manetry tena loatra ho Azy.

68 Hoy ianareo hoe, "Eny, Rahalahy Branham, lehilahy antitra iray aho." Tsy ahoako na firy taona ianareo. "Ankizy iray fotsiny aho." Tsy mampaninona na tanora toy ny ahoana ianareo. "Mahantra loatra aho. Manao akanjo fitondra miasa aho." Oh, raha nanana gonim-bozaka iray narakotra manodidina anareo ianareo, dia tsy hanao fahasamihafana amin'Andriamanitra izany. Angataho fotsiny Izy. Lehibe ianareo eo imason'Andriamanitra. Mety tsy dia izany loatra ianareo eo anoloan'ny olona, saingy lehibe ianareo eo imason'Andriamanitra. Isan'ireo Olony ianareo.

"Midira ka mitoera miaraka aminay."

69 "Oh, tsy afaka hangataka Azy hiditra ato amiko aho. Efa mamolava iray aho. Efa mpiloka iray aho." Tsy ahoako izay maha-izy anareo. Angataho Izy, dia jereo. Ho tonga amin'ny fanasanareo Izy. Tsy nandà anankiray mihitsy Izy. Ary tsy handà anankiray mihitsy Izy. Maniry mafy Izy ary miezaka ny hiditra ao anatin'ny fo. Hoy ianareo hoe, "Efa mpijangajanga an-dàlambe iray aho." Tsy ahoako izay efa naha-izy anareo. Miezaka miasa amin'ny Fombany ao anatin'ny fonareo Andriamanitra.

Manaova fotsiny hoe, "Midira, Tompo, ary mitoera miaraka amiko."

70 Ary mariho, nandritry ny andro rehetra, dia nitondra ny Teny Izy, saingy tsy nisy famantarana. Rehefa Nampidiriny tao anatiny izy ireo, ka nanakatona ny varavarana, ary nipetraka, oh, rahalahy, tamin'izany no Nanambarany ny Fitsanganany. Tsy nisy fotoana, hatramin'ny maraina izay Nihaonany tamin'izy ireo, hatramin'ny filentehan'ny masoandro, Nanaovany an'izany. Tsy nanao zavatra anankiray izay Nataony teo amin'ny fiainana mihitsy Izy, ny Teny fotsiny ihany. Fa mariho, tamin'ny andro hariva, tamin'ny andro hariva, tamin'izany no Nanaporofoiny ny Fitsanganany.

71 Mamelà ahy hilaza an'izao amin'ny fanetre-tena. Mamelà ahy hilaza an'izao amin'ny feo simba iray, fa fo vaky iray, ihany koa. Andro hariva izao. Hoy ny Baiboly hoe, "Hisy Hazavana amin'ny andro hariva. Hisy andro iray, izay sady tsy ho alina na andro," hoy ny mpaminany. Ho fihainoana ny Teny fotsiny izany, tsy misy fanehoana, andro iray manjombona, manjavona fotsiny. Fa amin'ny andro hariva, dia hamiratra indray ilay Hazavana. Hisy hazavana. Ary ao amin'ity andro hariva izay iainantsika ankehitriny ity, izay misy an'i Kristy, tamin'ny alàlan'ireo Mpitoriteniny, no nitoriana ny Filazantsara nandritry ny roa

arivo taona, fa izao no hazavan'ny hariva. Ireo hazavan'ny hariva dia ny fanehoana ny fitsanganana.

72 Oviana? Tsy fantatr'izy ireo fa nitsangana tamin'ny maty Izy. Na dia tia Azy aza izy ireo, nino Azy izy ireo, saingy tsy fantatr'izy ireo fa nitsangana tamin'ny maty Izy. Niady hevitra ny amin'izany izy ireo. Ary ankehitriny, eto ilay izy amin'ny andro hariva, hanambara ny Tenany Izy, hoe nitsangana tamin'ny maty Izy. Ahoana no Nanaovany an'izany? Tsy tamin'ny fitoriana ny Teny; efa Nataony izany, nefa mbola tsy nino foana izy ireo.

73 Ary roa arivo taona an'ny fitoriana ny Teny, dia mbola tsy mino foana ny fiangonana. Fa tonga ny Hazavan'ny hariva, ny fanehoana ny fitsanganana.

74 Ary Nentiny niditra izy ireo, ka nanao fahagagana iray Izy, na nanao zavatra iray tahaka ny Nataony talohan'ny fanohomboana Azy mihitsy. Fantatr'izy ireo fa Izy izany. Lasa nahiratra ny mason'izy ireo.

75 Dia nanjavona Izy, haingana mihitsy. Mariho, hafatra fohy iray ilay izy. Tsy tena ela izany. Tsy nijanona ela niaraka tamin'izy ireo Izy. Naneho ny Tenany fotsiny Izy, ary nanjavona teo imason'izy ireo. Ary nahiratra ny mason'izy ireo ka fantatr'izy ireo fa Izy izany.

76 Dia hoy izy ireo hoe, "Tsy nangorakoraka tao anatintsika ve ny fontsika, raha niresaka tamintsika Izy teny an-dàlana?"

77 Ary, oh, rahalahy, ranabavy, impiry no nangorakoraka ny fontsika, nanerana an'ireo taona. Efa Kristiana iray aho ankehitriny nandritry ny teo amin'ny fito amby roapolo taona teo; tsia, teo amin'ny sivy amby roapolo taona teo. Efa mpitory teny iray aho nandritry ny fito amby roapolo taona. Ary hatramin'izay, rehefa mamaky Ny Teniny aho, rehefa miresaka amiko Izy, dia mahafinaritra izany. Mirehitra ny foko, ny mandre ny Teny.

78 Fa ankehitriny dia tonga ireo Hazavan'ny hariva. Milentika ny masoandro. Lasa ny fandrosoana. Eo amin'ny farany izao tontolo izao. Ankehitriny dia niseho Izy ary nanao zavatra teo afovoantsika, mba hanambara ny Tenany ho ilay Kristy nitsangana. Ny masontsika dia, afaka misokatra. Afaka mahita isika fa velona mandrakizay Izy. Ny porofon'ny fahatsarana dia ny fihinanana azy. Ary izany no porofon'ny fitsanganana. Raha nampanantena Jesosy, nampanantena ny Baiboly hoe, "Izy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay," nefa tsy manaporofo an'izany Izy, amin'izay fotoana izay dia diso ny Soratra. Efa nanana an'ireo fampianaran'ny Soratra rehetra ireo isika nanerana an'ireo taona, fa izao no andro ho an'ny fanehoana, ho an'ireo fanehoana ny fitsanganana.

79 Ankehitriny, inona no nataon'izy ireo? Rehefa nahiratra ny mason'izy ireo, dia hoy izy ireo hoe, "Tsy nangorakoraka tao

anatintsika ve ny fontsika?" Ary niverina haingana izy ireo, mba hihaona amin'ny sisa amin'ny olony. Ary tsy niverina izy ireo ankehitriny, nandeha teny an-dàlana fotsiny, ka nanao hoe, "Eny, angamba mety ho zavatra hafa ilay izy." Fa pozitifa izy ireo. Ary nandeha haingana nankany amin'ny namany manokana izy ireo, ka hoy izy ireo hoe, "Marina tokoa, ny Tompo dia nitsangana, tokoa! Fantatray fa nitsangana Izy." Tsy nandeha niady hevitra ny fivavahany izy ireo. Nandeha fotsiny izy ireo satria efa nahiratra ny mason'izy ireo. Efa nahita Azy tao amin'ny Fitsanganany izy ireo.

80 Ary inona no ho zavatra iray tsara tarehy kokoa, izao hariva izao, ry sakaizako? Inona no ho zavatra iray be voninahitra kokoa, izao hariva izao, amin'ity andron'ny Paska ity? Dia ny mahita an'io Jesosy iray ihany izay nitsangana tamin'ny maty io, tonga eto afovoan'ity tabernakla kely, tranainy, manetry tena eto ity, izay latsaky ny telo arivo dolara ny sandany ho antsika, roapolo taona lasa izay. Hanao ahoana izany, ao amin'ity toerana kely manetry tena ity, ny hahita Azy tonga eto, izao hariva izao, ka hanao an'ireo zavatra izay Nataony talohan'ny fanohomboana Azy, mba hanaporofo ny Fitsanganany?

81 Tsy nanao an'izany mihitsy Izy raha tsy amin'izao andro farany izao. Ankehitriny dia manao an'izany Izy satria Izy no nampanantena fa Hataony izany. Andro hariva izao. Mamiratra ireo Hazavana. Manokatra ny mason'ireo Zanany Andriamanitra. Izy ireo, miaraka amin'ny fo maivana, dia miverina haingana hoe, "Oh, Izy dia nitsangana, tokoa."

82 Ankehitriny, misy olona ato amin'ity tranobe ity, izao hariva izao, izay avy any Virginia angamba, ary manerana ny firenena rehetra. Ary—ary, na tsy mampaninona na avy aiza ianareo, afaka miverina miaraka amin'ny fo maivana iray ianareo, amin'ity andron'ny Paska ity, raha hiseho aminareo tahaka ny Nisehoany tamin'izy ireo Jesosy.

83 Angamba efa ela no nandehananareo niaraka Taminy. Angamba efa Kristiana iray nandritry ny taona maro ianareo, saingy tsy mbola nahita ny Herin'ny Fitsanganany voaseho mihitsy. Oh, raha hanao an'izany Izy izao hariva izao, dia handray Azy ho ilay Tompo nitsangana ve ianareo?

84 Eritrereto izany ankehitriny, raha manondrika ny lohantsika vetivety fotsiny isika ho an'ny vavaka. Firy no te-ho tsarovana ao amin'ity vavaka ity? Atsangano amin'Andriamanitra ny tànanareo. Andriamanitra hitahy anareo.

85 Ankehitriny, Tompo Andriamanitra, mitsangana ny olona, mihenjan-kozatra ireo ranjon'izy ireo. Saingy, oh, tia Anao izy ireo. Tonga izy ireo, Tompo, eo amin'ity andron'ny fitsanganana ity. Tonga izy ireo, angamba, avy tany amin'ny fasana foana iray tany ho any, izay itorian'izy ireo ny Filazantsara foana, ka nanao hoe, "Eny, efa lasa ireo andron'ny fahagagana." Tahaka an'izany

no nahitan'izy ireo an'ilay fasana, satria tsy tao Izy. Nitsangana tamin'ny maty Izy.

86 Fa i Kleopasy sy ny sakaizany dia nanao dia betsaka niaraka tamin'izy ireo, izao hariva izao, niresaka an'izany, nanerana ny làlana. Fa, O Tompo Jesosy, ao amin'ireto andro hariva ireto, dia mivavaka aho mba Hanehoanao ny Fitsangananao amin'ity fiangonana kely ity, izao hariva izao. Porofoy amin'ireto, izay mitsangana akaiky ireto, fa manetry tena Ianao. Izany hoe, raha . . . Tsy mampaninona na manetry tena toy ny ahoana ilay izy, ho tonga eo amin'ny toerana rehetra izay hahatonga soa Anao Ianao, eo amin'izay ilàna Anao.

87 Ary misy maro eto, Tompo, izay manana ilaina. Maro no marary ary maro no ory. Maro no tsy manana Anao, tsy manana an'i Kristy, tsy manana an'Andriamanitra, nefa mila fanampiana izy ireo. Mivavaka aho, Ray, mba Hanehoanao ny Tenanao, izao hariva izao, amin'ity tabernakla kely ity, indray mandeha indray.

88 O Tompo Andriamanitra, efa tsara tamin'ny Mpanomponao Ianao. Taona maro lasa izay, androany, tao amin'ny tranobongo hazo tranainy kely iray, rehefa ny reniko tanora tany, teo amin'ny dimy ambin'ny folo taona teo, no nanokatra an'ilay varavarankely, indray maraina, ary izaho nanome ny hiakiaka keliko voalohany. O Tompo Andriamanitra, misaotra Anao aho ny amin'ny taona tsirairay. Menatra ny amin'ireo zavatra maro nataoko izay diso aho. Mivavaka aho mba Hamelanao ahy. Ary ny nenina tokana izay ananako, Tompo, dia hoe tsy nanompo Anao aho fony aho zazalahy kely iray. Ampio aho, Tompo.

89 O Tompo, raha nahita fitia teo Imasonao aho, dia atanjaho ity vatana malemy ity. Avaozy ny tanjako. Avaozy ny tanjan'ny fahatanorako, tahaka ny Ataonao amin'ny voromahery, ary atrakao ambony ny lohako, Tompo, ary ny foko ambany, mba ahafahako mandeha, foana, Tompo, ka haneho ny Fitiavanao amin'ny olona. Omeo fitiavana lalina kokoa aho, fanokanantena bebe kokoa, iray lalina kokoa, feno fiainana, fiainana feno kokoa, mba ahafahako manompo Anao.

90 Tompo, asehoy eo anivon'ny olona ny Herinao izao hariva izao, amin'ny alàlan'ny fanasitranana ny marary sy ny ory, mijoro vavolombelona ho an'ny Fitsangananao. Ary homenay Anao ny dera, amin'ny Anaran'ny Tompo Jesosy no angatahanay an'izany. Amena.

91 Tiako izany, Ranabavy Gertie. Firy no mahafantatra an'izany, "Masina, Masina, Masina, ny Tompo Andriamanitra Tsitoha"? Ndao isika somary hisamonomonona an'izany, miaraka ankehitriny, indray mandeha fotsiny. Tiako . . . Firy no tia an'ireo hira amin'ny fanao fahiny ireo? Oh, afaka maka ny tranainy kely tapatapakareo rehetra ianareo, Elvis Presley, boogie-woogie, amin'ny anaran'ny Kristianisma, afaka mahazo

an'izany ianareo. Omeo ahy ireo hiram-pitiavana amin'ny fanao fahiny, mampientam-po, an'ny Filazantsara. Eny, tompoko.

Masina, Masina, Masina, ny Tompo Andriamanitry ny maro.
Ny Lanitra sy ny tany dia feno Anao,
Ny Lanitra sy ny tany dia midera Anao,
O Tompo Avo Indrindra.

92 Tsy manao zavatra aminareo ve izany? Manompoa fotsiny ankehitriny, miaraka fotsiny, raha mihira an'izany indray isika ankehitriny. Manompoa fotsiny ankehitriny, an'Andriamanitra, somary manakatona ny tenanareo fotsiny, ka manompoa ankehitriny, raha mihira isika.

Masina, Masina, Masina, ny Tompo Andriamanitry ny maro.
Ny Lanitra sy ny tany dia feno Anao,
Ny Lanitra sy ny tany dia midera Anao,
O Tompo Avo Indrindra.

93 Tompo Andriamanitra Avo Indrindra, nametraka ny masoandro tao amin'ireo fihodinany Ianao. Nametraka ny volana Ianao, ireo kintana. Nandrefy ny tany teo amin'ny felan-Tànanao Ianao, ka nitsoka an'ireo kintana. Andriamanitra Ianao. Nanangana an'i Jesosy tamin'ny maty Ianao, sivinjato sy arivo taona lasa izay, ary naneho Azy velona, mba hanome anay an'izany antoka voatahy izany, hoe miandry Ny Fihavian'Ilay hipetraka eo amin'ny seza fiandrianan'i Davida izahay ankehitriny ary hanapaka ny tany amin'ny fiadanana sy ny fahamarinana. Tsy hianatra ady intsony izahay. Tsy hisy hanoanana na alahelo intsony. Tsy hisy alahelo intsony, tsy hisy fahafatesana intsony. Ho levona ireo zavatra taloha. Ary, O Andriamanitra, tena antomotra akaiky izany!

94 Atanjaho ny fon'ireo Zanakao. Omeo anay, izao hariva izao, ireo fanirianay. Tsy ho an'ny tenanay ihany, Tompo, fa mba ahafahanay hanana fijoroana vavolombelona vaovao iray ao am-ponay ny amin'ny Fitsanganany. Manetry ny foko aho ary mangataka Anao hanampy ahy. Ary manetry ny fony ny mpanatrika ka mangataka Anao hanampy azy ireo, mba hahafahanay miara-mahita ny Tompo nitsangana.

95 Tongava eto afovoanay, Tompo. Amasino ity fiangonana ity. Miantso an'ireo famindrampon'Andriamanitra aho. Tompo, aza mitsara anay. Tsy mangataka fitsarana izahay. Mangataka famindrampo izahay. Omeo famindrampo izahay, O Andriamanitra Mandrakizay, ka asehoy ny Fitiavanao sy ny Fanatrehanao miaraka aminay. Fa mangataka an'izany amin'ny Anaran'i Jesosy izahay. Amena.

96 Oh, mahatsapa te-hanompo bebe kokoa fotsiny aho. Feno fotsiny ny foko! Antoka iray toy ny inona! Nitsangana tamin'ny maty Jesosy.

97 Tsy tantara iray tahaka an'i Santa Claus izany. Raha milaza zavatra ratsy eo anatrehan'ireo zanakareo aho, dia mamelà ahy ianareo; tsy fanahy iniako izany. Fa mino ny fitenenana ny fahamarinana amin'ireo zanaka aho. Hitanareo?

98 Te-hahafantatra ny Fahamarinana aho. Niteny tamiko mikasika an'i Jesosy izy ireo. Raha tsy nitsangana tamin'ny maty Izy, amin'izay fotoana izay dia tantara mahagaga iray izany. Raha tsy Izy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay, amin'izay fotoana izay dia tantara mahagaga iray izany. Noho izany, mety maty Izy, raha tsy manaporofo ny Tenany ho Andriamanitra iray nitsangana Izy.

99 Fa tena faly aho ny mahafantatra fa nitsangana tamin'ny maty Izy, ary velona Izy ankehitriny. Eto Izy. Ary ireto fasika masina ireto, araka ny noresahako aninkeo maraina, tsy misy olona hany afaka hanala an'izany avy ao am-ponareo. Enga anie Andriamanitra hanokatra ny masonareo, izao hariva izao, ry mpivahiny, ka hamela anareo hahafantatra fa nitsangana tamin'ny maty Ny Zanany, ary eto mba haneho ny Tenany.

100 Ankehitriny, nanontany an'i Billy aho hoe firy no hivavahana. Tsy nahafantatra izy. Firy ato no mila vavaka, ireo vatana marary, atsangano ny tànanareo, manerana ny tranobe rehetra. Hatraiza hatraiza ato amin'ny tranobe, izay mila an'izany. Ho be loatra izany, hitanareo, izany dia tapitra. . . Ny roa ampahatelon'ny mpanatrika izany. Ho be loatra ny hanandrana hampandalo laharam-bavaka iray. Tsy afaka hanao an'izany isika. Niteny taminy aho mba hizara karatra. Ary hiezaka izahay ny handahatra azy ireo sy hitondra azy ireo, maro arak'izay vita. Ary ataoko. . . Nanome zato ve ianao? Eny àry. Eny, nanome karatra zato izy, nefa ny tranobe dia tsy mametraka mihoatra ny eo amin'ny dimampolo sy roanjato eo, heveriko, na zavatra tahaka an'izany. Noho izany, angamba, maro eto. . .

101 Firy no tsy manana karatra fangataham-bavaka, nefa tianareo hanasitrana anareo Andriamanitra? Atsangano ny tànanareo, hatraiza hatraiza ato amin'ny tranobe, izay tsy manana karatra fangataham-bavaka iray. Saiky ny antsasak'izy ireo. Eny àry. Ankehitriny dia fomba ara-dalàna tokana ihany no azontsika hatao.

102 Misy zavatra ao an-tsaiko. Misy zavatra ao am-poko. Tsy afaka milaza an'ilay izy aho raha tsy fantatro izay resahako. Mivavaka aho. Mifikitra amin'Andriamanitra aho. Hiverina any ambadiky ny tany efitra aho. Izaho—izaho—tsy maintsy mihaona amin'Andriamanitra indray aho. Misy zavatra fotsiny. Tsy maintsy mandeha eo amin'ireo fasika ireo indray aho, izay nisy ahy taona vitsy lasa izay. Te-hiresaka Aminy aho. Izaho—nahita Azy tao amin'ny fahitana aho, indroa. Manantena aho fa afaka hahita Azy indray alohan'ny handehanako. Misy

zavatra iray izay hitako tao amin'ny Soratra. Izaho—izaho—tsy fantatro. Efa tao am-poko izany. Ary isaky ny miresaka ny amin'izany aho, dia misy zavatra mitranga. Ary izaho fotsiny dia . . . Izaho dia eo . . . Izaho—izaho dia eo amin'ny toerana iray, tsy fantatro izay hatao. Mino aho fa ity asam-panompoana izay ananako ankehitriny ity dia miha-lefy, ka hisy zavatra lehibe kokoa haka ny toerany. Amin'ity herinandro manaraka ity na roa, dia handeha hankany amin'ireo fasika masina aho, raha vitako, any ambadiky ny tany efitra, mba hahita raha afaka mifandray amin'ny Tompoko aho. Tsy afaka mitsahatra aho, tsy afaka manana fiadanana aho, mandra-pahitako Azy, mandra-pahitako hoe inona daholo ny mikasika an'izany. Tsy mety azoko ilay izy. Tsy mbola nandà ahy mihitsy Izy; tsy mino aho fa handà Izy amin'ity fotoana ity. Miangavy aho. Mivavaka Aminy aho mba hanampy ahy.

103 Tsy hoe izaho—izaho—tsy ilaiko izany. Oadray, afaka miverina eto aho ka mitory teny, ary mandroso ankehitriny. Ataoko fa manana sakaiza betsaka aho mba hanampy kely ahy. Tsy izany ilay izy. Tsy izany ilay hevitra. Ity asam-panompoana izay ananako ity, afaka manohy aho, raha homba ahy Andriamanitra. Afaka manohy aho.

104 Fa tsy afa-po ny foko. Misy lalina iray miantso ny Lalina. Misy zavatra mihetsika. Toy ny hoe afaka mametraka ny tànako eo aminy aho, saingy, "Aiza ilay izy, Tompo?" Tsy ho ahy izany. Ho an'ny Olony izany. Ho an'ireo zanak'Andriamanitra izany. Lasa fanatitra iray fotsiny aho.

105 Lehilahy antitra iray aho. Ireo androko dia—dia efa tapitra. Lasa ireo andron'ny fahatanorako. Ny lehilahy iray sivy amby efapolo taona dia tsy ankizy intsony. Fantatsika izany. Taona iray amboniny dia ho dimampolo taona aho. Tsy zazalahy aho. Manana zanaka ho tezaina aho. Marina izany.

106 Fa, rahalahy, manana ny asan'Andriamanitra hatao aho, ambonin'ny zavatra rehetra. Tsy maintsy fantatro hoe inona io faniriana miredareda ato anatiko io. Tsy maintsy mandeha aho mandra-pahitako an'izany. Tsy maintsy mahita Azy aho, any ho any. Tsy maintsy mahafantatra aho.

107 Ataoko fa misy sasany mipetraka eto, hatrany amin'ny folo na roa ambin'ny folo taona lasa izay, avy teto amin'ity tabernakla ity, rehefa nanao an'io filazana iray ihany io aho teto indray mandeha. Firy eto no mahatsiaro an'izany? Jereo fotsiny ireo tànana antitra izay tavela. "Misy zavatra ato," hoy aho, "misy zavatra anankiray, saiky azoko kasihana izany. Antomotra izany." Kely no nahafantarako, rehefa avy niteny tany amin'ilay renirano teto ilay Anjely, teo anatrehanareo rehetra, ka nanao hoe, "Tahaka ny nanirahana an'i Jaona ho mpialoha làlana ny Fihaviana voalohany, dia handefa Hafatra iray manerana an'izao tontolo izao ianao." Nitranga izany. Ny

firenena tsirairay dia manana asam-panasitranana mandeha ankehitriny, manerana an'izao tontolo izao, hatrany Rosia mihitsy aza. Eny, tompoko. Hatraiza hatraiza, dia nandeha ireo asam-panasitranana, teo amin'izay nihenany.

108 Ankehitriny dia misy zavatra lehibe kokoa, mihetsika. Misy ny. . .Miandry ny handre an'ilay feon'ny fifofofofon'ireo ravin'ny hazo voaroy aho. Manohy aho. Mivavaha ho ahy.

109 Ankehitriny, satria ao amin'ity asam-panompoana ity aho, ny fanehoana ny fitsanganan'i Jesosy Kristy. Raha velona Izy, dia mihazona ny teny fikasana tsirairay Izy. Iza no nihazona Azy ho velona nandritr'ireo roa arivo taona ireo? Iza no nihazona an'io Hazavana Mandrakizay io hirehitra? Ankehitriny dia izao no andro hariva. Ny Fanehoany ny zavatra iray izay Nataony, tahaka ny Nataony talohan'ny fanohomboana, naneho ny Tenany tamin'ireo mpianatra Izy. [Manapoapoaka ny rantsan-tànany Rahalahy Branham—Mpand.] Fantatr'izy ireo izany, haingana mihitsy, hoe Izy izany. Ankehitriny dia hanao tahaka an'izany Izy.

110 Firy no efa tao amin'ireo fivoriako hafa? Aoka ho hita ny tànanareo, manerana ny tranobe rehetra. Ataoko fa zato isan-jato ilay izy, noho izany dia tsy mila handalo eo amin'izany aho. Fantatrareo izay antenaina.

111 Firy no maniry fatratra sy miandry ny hahita Azy indray, izao hariva izao, hiditra eo amin'ny sehatra hoe, "Ianao ve no ilay Jesosy nitsangana?" Andriamanitra hitahy anareo. Ankehitriny mba haneho fotsiny fa velona Izy.

112 Inona ilay izy? [Hoy ny olona iray hoe, "X."—Mpand.] X? Eny àry. Ndao fotsiny isika . . . Tsy afaka miantso be loatra isika, indray mandeha. Isika dia afaka mampitsangana, angamba, efatra na dimy amin'ny fotoana iray, na zavatra iray. Eny àry.

113 Ndao isika hanomboka amin'ireo karatra fangataham-bavaka ankehitriny, ary hanomboka hampitsangana azy ireo. Ndao alaintsika ny nomerao iray. Iza no manana azy? Jereo ny karatrareo. Nomerao iray. Iray? [Hoy ny olona iray hoe, "Eto mihitsy, Rahalahy Bill."—Mpand.] Oh, miala tsiny aho. Eny àry, ramatoa. Iray. Nomerao roa. Nomerao telo. Afaka mitsangana ve ianao, izay manana ny nomerao telo? Nomerao efatra. Nomerao dimy. Nomerao enina. Tsy mahita ny nomerao enina aho. Iray, roa, telo, efatra, dimy. Nomerao enina. Eny àry. Nomerao fito. Nomerao fito, azafady. Eto mihitsy. Noho izany, valo, nomerao valo. Nomerao sivy. Eny àry, tompoko. Nomerao folo. Any aoriana . . . Ndao jerentsika hoe firy isika . . . ["Misy folo."] Eny àry. Ndao isika hanomboka eo mihitsy, ary avy eo dia afaka mahita isika, angamba afaka maka vitsivitsy amboniny.

114 Firy ato amin'ny tranobe no tsy mahafantatra ahy? Tsy mahafantatra anareo aho, nefa ianareo mila an'Andriamanitra hanasitrana anareo, atsangano ny tànanareo. Ny rehetra izay

mahafantatra fa tsy mahafantatra anareo aho. Eny àry. Aoka hanaja fotsiny.

115 Ankehitriny, Jesosy Tompontsika, rehefa nandeha teto antany Izy. . .Raha mbola mandahatra ny olona izy ireo. Jesosy Tompontsika, rehefa nandeha teto an-tany Izy, dia tsy nihambo ho mpanasitrana iray mihitsy Izy. Firy no mahafantatra an'izany? Hoy Izy hoe, "Izany dia Ny Raiko izay mitoetra ato Amiko." Firy no mahafantatra fa hoy Izy hoe, "Tsy afaka manao na inona na inona amin'ny Tenako Aho; fa izay Hitako ataon'ny Ray, no ataon'ny Zanaka"?

116 Ankehitriny, ary rehefa nahita lehilahy iray Izy tao amin'ny—ny. . .ilay lehilahy, ka nanambara ny Tenany teo anatrehan'ilay taranaka Jiosy Izy, nanao fahagagana iray Izy, tamin'ny fitenenana tamin'ilay lehilahy hoe taiza izy sy izay efa nataony, ary nino Azy izy ireo.

117 Ary rehefa nanambara ny Tenany tamin'ilay taranaka Samaritana Izy, dia niteny tamin'ny vehivavy iray Izy hoe inona ny tsiambaratelony, ary nino Azy izy, sy ilay taranaka manontolo. Marina ve izany?

118 Fa tsarovy, tsy nanao an'izany tamin'ny Jentilisa iray mihitsy Izy, tsy teo amin'ny fanatrehan'ny Jentilisa iray mihitsy. Satria. . .Firy no mahafantatra fa ity no fizaram-potoan'ny Jentilisa? Fa tonga ireo Hazavan'ny hariva ankehitriny. Karazana Hazavana inona no mamiratra? Karazana Hazavana inona no mamiratra rehefa midina ilay Zanaka? Ilay Zanaka iray ihany izay namiratra tany Atsinanana rehefa tonga Izy. Mino an'izany ve ianareo? Izany ve ilay Zanaka iray ihany izay nandeha nanerana ny tany? Ilay Zanaka iray ihany izay nipoitra ka naneho Hazavana iray teto aoriana teto. Ary maizina ilay izy nandritry ny andro, andro manjavozavo iray fotsiny; ary avy eo, talohan'ny nidinan'ilay Zanaka mihitsy, dia namiratra indray Izy. Tsy maintsy ho ilay Hazavana iray ihany izay namiratra tany aoriana tany Izany. Namiratra teo amin'ilay Samaritana sy teo amin'ilay Jiosy Izany, tany aoriana tany, fa tsy teo amin'ilay Jentilisa; noho izany dia tsy maintsy mampamiratra an'ilay Hazavana iray ihany eo amin'ny Jentilisa Izy, mba ho tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay. Marina ve izany? Ankehitriny, minoa.

Ankehitriny Ranabavy Gertie, tena moramora, vetivety fotsiny.

119 Ankehitriny, ao amin'ity laharam-bavaka ity, dia misy maro aminareo, heveriko, izay tsy fantatro. Firy aminareo ato, no tsy fantatro izay tsy mety aminareo, na inona na inona mikasika anareo? Fantatrareo izany. Atsangano ny tànanareo, ianareo izay ao anatin'ilay laharam-bavaka, izay mahafantatra fa tsy mahafantatra na inona na inona mikasika anareo aho.

120 Firy ato amin'ny mpanatrika no mahafantatra fa tsy mahafantatra na inona na inona mikasika anareo aho. Tsy ahoako na eto amin'ny manodidina eto ianareo, ankehitriny, tsy mahafantatra na inona na inona mikasika anareo aho. Eny àry. Eny àry. Minoa fotsiny.

121 Ankehitriny, ny Tompontsika dia nandeha indray mandeha mba—mba hanangana zazavavy kely iray, maty, ary ve—vehivavy iray no nikasika ny Fitafiany. Dia nitodika Izy ka nanao hoe, "Iza no nikasika Ahy?" Dia nipetraka tsara ny olona rehetra. Nandà izy ireo hoe nikasika Azy. Fa nijery manodidina Izy . . .

122 Ary ny iray tamin'izy ireo dia niteny mafy Azy, Petera, ka nanao hoe, "Tompo, ahoana no Ahafahanao hilaza hoe iza no 'nikasika' Anao, nefa ilay vahoaka betsaka manontolo dia mikasika Anao?"

123 Hoy Izy hoe, "Fa Izaho—Izaho . . . Niala Tamiko ny hery," izany hoe, "tanjaka."

124 Dia nijery manodidina Izy mandra-Pahitany hoe iza ilay . . . Ahoana no Nahafantarany hoe iza ilay vehivavy? Ilay izy dia ny finoany manokana; satria, Izy no niteny an'izany. "Ny finoanao no nahavonjy anao. Ny fitsiha-dràнao, izay efa nananananao, dia tapitra. Ny finoanao no nanao anao ho salama."

125 Izany no Jesosy Kristy androany, izay omaly. Raha afaka manao an'ilay zavatra iray ihany Izy androany, amin'izay fotoana izay dia manaporofo ny Tenany ho tsy miova Izy.

126 Toy ny hoe tokony ho fantatro ity vehivavy eto ity. Ianao ve no olona voalohany? Ianao ve no . . . Mety mahafantatra anao aho. Tsy mahafantatra anao aho. Toa efa mahazatra ny endrikao. Tsy fantatro. Fa, na inona na inona ilay izy, mitsangàna ianao ary avia eto iray minitra. Tiako ny hilaza, raha tena fantatro ianao . . . Mety tsy fantatro. Tsy fantatro ny anaranao. Saingy toy ny hoe efa nahita anao aho, ary efa nahita angamba. Saingy tsy fantatro hoe ho an'ny inona no maha-eto anao. Tsy manana hevitra mihitsy aho hoe ho an'ny inona no maha-eto anao. Ary tsy fantatro raha mahafantatra anao aho. Fa ilay izy fotsiny . . . Toa efa mahazatra ianao, ny endrikao. Nahafantatra anao ve aho? Ianao—ianao, tsy nahafantatra anao aho. Eny àry, noho izany dia vahiny iray ianao. Toa efa mahazatra ahy ny endriny. Tsy nahafantatra fotsiny aho. Te-hahazo antoka aho.

127 Ankehitriny dia mahalala tsara ny olona rehetra, raha manana ara-panahy mikasika anareo mihitsy, ianareo, hoe misy zavatra miseho izao ankehitriny izao. Oh, ianareo ve tsy afaka—ianareo ve tsy afaka fotsiny . . . Tsy natao hahatsapa an'Izany ianareo, fa tena mahatsapa an'Izany ianareo. Fantatro fa eto amin'ity birao eto ity mihitsy io Anjelin'Andriamanitra io. Hitanareo ve io sary etsy io, io Hazavana io? Eto mihitsy io Hazavana io ankehitriny.

Hoy ianareo hoe, "Tsy hitako Izany."

128 Izy ireo koa tsy nahita an'ireo Anjely izay niteny tamin'izy ireo hoe, "Izy no niteny an'izany taminareo tany Galilia." Tany izy ireo.

129 Ary eto Izy. Izy no Kristy, ilay Anankiray nitsangana. Firy no mahafantatra fa ao amin'ny endrika Hazavana iray Kristy, androany? Azo antoka. Ny Baiboly no nilaza fa izany Izy.

130 Ankehitriny dia aoka ho tena manaja ianareo ankehitriny. Aza mandehandeha. Na aiza na aiza misy anareo, mivavaha fotsiny.

131 Ankehitriny raha samy vahiny isika. . .Ary ny Tompo Andriamanitra, raha Izy. . .Raha marary ianao, ka raha afaka nanasitrana anao aho, izaho—ho nataoko izany; saingy tsy afaka aho. Tsy afaka manao an'izany aho, satria efa vita izany. Nanao an'izany Jesosy rehefa maty teo Kalvary Izy, nitsangana. Izy no nanaporofo an'izany. Ary ankehitriny, raha hanambara amiko an'izay maha-eto anao Izy.

132 Ankehitriny, raha nitsangana teto Izy, nanao an'ity palitao sy pataloha ity, dia mety ho Fantany hoe iza ianao. Ho Fantany, raha Andriamanitra no nanambara an'izany Taminy. Hoy Izy hoe, "Tsy manao na inona na inona Aho raha tsy ny Ray no maneho Amiko an'izay hatao." Ary raha teto Izy, ka hanambara aminao Izy, angamba hoe iza ianao, avy aiza ianao, iza no anaranao, izay nataonao talohan'ny nahatongavanao teo amin'ny fivoriana, na izay anananao ao am-ponao, na zavatra tahaka an'izany. Fa, ho an'ny fanasitranana, dia asa vita iray izany. Efa vita izany. Ankehitriny, raha hanao an'ilay zavatra iray ihany Izy, dia hino ve ianao fa ho azonao izay angatahanao?

133 Hanangana ny tànanareo amin'Andriamanitra ve ny mpanatrika, hoe ianareo dia hino an'izany, ihany koa, raha hanambara amin'ity vehivavy ity Izy? Aoka izy no ho mpitsara.

134 Ankehitriny raha misy olona te-ho tonga haka an'ity toerana ity, dia tongasoa ianareo.

135 Ankehitriny eto no hahitana ahy ho mpandainga iray, ary ny Tenin'Andriamanitra ho tsy marina, na miteny ny Fahamarinana aho ary tena misy Ny Teniny. Marina. Eo ianareo izao. Tsy mety hisy anankiray—tsy mety hisy anankiray ho tonga eto. Izao no maneho an'izany. Izao no manao an'izany.

136 Ankehitriny raha marary ilay vehivavy, ka mametraka ny tànako eo aminy aho, manao hoe, "Ho salama ianao, ranabavy," manana ny teniko ho an'izany fotsiny izy. Fa raha manambara zavatra iray izay efa teo amin'ny fiainany ny Fanahy Masina, tany aoriana, dia izy no mahafantatra na izany no fahamarinana na tsia, zavatra izay efa nisy. Raha Fantany izay efa nisy, dia ho Fantany tokoa izay hisy. Tsy mino an'izany ve ianao?

137 Ankehitriny dia enga anie Izy hanaiky an'izany ho anao, ranabaviko. Noho izany dia nilaza ny mpanatrika rehetra fa hino izy ireo.

138 Ary izaho sy ianao, vahiny, miaraka, ary mihaona eto fotsiny ho an'ity fotoana ity; ianao mitsangana eo, misy zavatra tsy mety. Tsy fantatro hoe inona ilay izy. Tena tsy mahafantatra aho. Satria tsy mahafantatra anao aho, ary ahoana no hahafantarako an'izay—izay naha-izy anao, izay tsy nety taminao? Fa tena fantatr'Andriamanitra izay tsy mety aminao.

Ankehitriny dia aoka ho tena manaja mihitsy.

139 Ankehitriny, tsy eto ho an'ny tenany ilay ramatoa, eo ampanombohana. Eto ianao ho an'ny olon-kafa iray; izany dia zaza kely iray. Ary izy dia tratry ny aretina amin'ny . . . Tena mikorontan-tsaina izy. Zafikely iray ilay izy, mino aho, anao. Ary misy zavatra hafahafa. Mahita an'io zazakely io ao amin'ny tanàna iray aho izay tsy ity tanàna ity. Toy ny hoe New Albany ilay izy. Marina izany. Ary tratry ny aretin'ny fikorontanantsaina izy. Misy zavatra tsy mety amin'ny atiny, araka ny lazain'izy ireo. Mandò betsaka. Marina izany. Efa nikorontana mikasika an'izany ianao, ary mitsangana ho an'io anankiray io. Izany no HOY NY TOMPO HOE.

140 Ianao no mpitsara. Marina ve ireo zavatra ireo? [Hoy ilay anabavy hoe, "Amena."—Mpand.] Tsy fantatro izay noteneniko taminao. Ny horonam-peo no mahafantatra. Izy no miteny. Izy no hiteny amiko. Ankehitriny, ho an'ny olon-kafa ilay izy, tamin'ny fomba iray. Apetraho eo amin'ilay olon-kafa io mosara io, izay nananananao teny an-tànanao raha mbola teo aminao io hosotra io, ary aza misalasala, dia ho azonao izay angatahanao. Raha Fantany izay nisy, dia Fantany izay hisy. Aza misalasala. Mandehana, mino.

141 Manao ahoana ianao, tompoko? [Hoy ilay rahalahy hoe, "Deraina ny Tompo."—Mpand.] Ataoko fa samy vahiny isika. ["Tanteraka tokoa."] Vahiny isika.

142 Nilaza izy fa tsy mbola nahita ahy mihitsy tany aloha, teo amin'ny fiainana, raha tsy aninkeo maraina. Ankehitriny, ny olona rehetra tena manaja ankehitriny. Efa mandòna ilay hosotra ankehitriny, hitanareo. Maniry aho ny ahafahako manazava an'izany.

143 Fa Andriamanitra dia tena mahafantatra anao, tompoko. Ary raha hanambara amiko ny Tompo Andriamanitra hoe inona ny aretinao, dia hanaiky Azy ho mpanasitrana anao ve ianao, na Mpamonjy, na inona na inona ilanao Azy? Hanaiky ve ianao? [Hoy ilay rahalahy hoe, "Azo antoka fa hanaiky aho."—Mpand.] Ankehitriny rehefa mandòna ilay fahitana, dia henoy fotsiny izany.

144 Miezaka mitety an'ilay gorodona ianao. Ary zavatra iray eo amin'ny lohalikao ilay izy. Aretin-kozatra ao amin'ny lohalikao

ilay izy. Ianao dia manana aretina, ihany koa, amin'ny masonao. Miha-malemy izy ireo. Ary ianao dia manana aretina ao amin'ny sofinao. Ary ianao dia manana aretina ao amin'ny vavoninao. Marina izany. Tsy avy eto amin'ity tanàna ity ianao. Avy any Somerset ianao, Kentucky. Ny anaranao dia Atoa. Hudson. Ankehitriny miverena, minoa amin'ny fonao rehetra, dia ho sitrana ianao. Minoa an'izany amin'ny fonao rehetra.

145 Mino amin'ny fonareo rehetra ve ianareo, ny olona rehetra? Manàna finoana an'Andriamanitra. Aza misalasala, fa minoa fotsiny.

146 Tena mahafantatra anao ny Tompo Andriamanitra, ranabavy. Mino ve ianao fa afaka manambara amiko an'izay maha-eto anao Izy? [Hoy ilay anabavy hoe, "Mino aho. Fantatro izany."] Raha hanao an'izany Izy, dia hanaiky an'izany ve ianao? ["Eny."]

147 Ity lehilahy goavana mipetraka eto ity, eny, mino aho fa samy vahiny isika, tompoko. [Hoy ilay rahalahy hoe, "Eny, tompoko."—Mpand.] Fa fotoana vitsy lasa fotsiny izay, rehefa niresaka tamin'io lehilahy io aho, dia nisy zavatra nitranga taminao. Hoy ianao tao am-ponao hoe, "Mino an'izany aho." Marina izany, sa tsy izany? ["Amena."] Raha hanambara amiko an'izay tianao ho sitrana ny Tompo Andriamanitra, dia hanaiky an'izany ve ianao? ["Eny."] Manana karazana kohaka iray ianao izay manelingelina anao. Marina izany. Atsangano ny tànanao. Eny àry. Raha hino an'izany ianao, dia tsy hanana an'izany intsony. Hiala aminao izany. Minoa an'izany.

148 Inona no nokasihany? Inona no nataony? Nikasika an'ilay Mpisoronabe izy, fa tsy izaho. Izany dia afaka . . . Tsy mbola nahita an'ilay lehilahy mihitsy aho. Tsy mahafantatra na inona na inona mikasika azy aho.

149 Mino ve ianareo fa izany ilay Jesosy nitsangana? Tsy izao ve ilay tena zavatra iray ihany mihitsy izay Nataony taorian'ny Fitsanganany, mba hanaporofo fa Izy no ilay Anankiray tsy miova? Hoy ny sasany hoe, "Karazana fanahy inona izany?" Hanambara ny tenany foana ny fanahy iray. Ny . . . Isika no sampana; Izy no Voaloboka. Ny voatavo dia hitondra voatavo; ny voaloboka dia hitondra voaloboka; ny hazo paoma dia hitondra paoma. Ny fiainana Kristiana iray dia hitondra an'i Kristy. Tsy zavatra hafahafa izany.

150 Ho ratsy ny masonao, ka mila vavaka ho an'ny masonao ianao. Marina izany, sa tsy izany? Marina izany. Atsangano ny tànanao. Hitanao, tsy mahafantatra anao aho, fa Andriamanitra no mahafantatra. Fa ny fiainanao, tsy azonao afenina.

151 Eto, mahita zavatra hafa aho, hopitaly iray. Vetivety fotsiny ankehitriny. Tsy fizahana maso iray ilay izy. Tsy izany ilay izy. Fandidiana iray ilay izy. Tsy ianao izany. Sakaizanao izany, izay nahazo fandidiana iray. Ary izany dia zavatra iray, fandidiana

fivontosana iray, ka matahotra ny amin'izany ianao, satria fantatrao fa zavatra hafa noho ny fivontosana iray izany. Marina izany. Tany Corydon izany, Indiana. Marina izany. Mino amin'ny fonao rehetra ve ianao ankehitriny? [Hoy ny anabavy iray hoe, "Azo antoka mino aho."—Mpand.] Mandehana, ka raiso izay nangatahanao, amin'ny Anaran'ny Tompo Jesosy.

152 Fantatro ny endrikao. Raha izaho no tsy dis-. . .Mazava ho azy, hosotra ity, hitanao. Fa, ny tsara indrindra tsaroako, tsy mpitory teny iray ve ianao? Hitanao, te-hahafantatra fotsiny aho, mba ny—hahitan'ny fiangonana fa izany dia tsinontsinona. . . Zavatra iray fotsiny izany, rehefa mahafantatra olona iray aho, izaho—fantatro izy ireo. Fa tsy fantatro izay maha-eto anao. Tsy manana hevitra aho. Raha marina izany, dia atsangano ny tànanao. Tsy fantatro hoe inona no maha-eto anao. Saingy fantatro fa mpitory teny iray ianao avy any amin'ny manodidina ny Blackiston Mill, na any ho any eo. Satria, tonga tany antranoko ianao indray mandeha, mino aho, mba hivavaka ho an'ny zazakely iray na zavatra iray. Izany dia. . .Hia. Fantatro fa zavatra anankiray mikasika zazakely iray ilay izy. Hia.

153 Fa ianao dia mijaly amin'ny karazana aretina iray ao amin'ny tsinainao. Mamelà ahy hiteny aminao, amin'izay fotoana izay dia ho fantatrao na mpanompon'Andriamanitra aho na tsia. Manana olona iray ianao ao am-ponao, mba hivavahana, ary zazavavy iray kilemaina izany. Tsy eto izy. Any ampitan'ilay renirano izy. Any Kentucky izy. Minoa amin'ny fonao rehetra ankehitriny, dia afaka mahazo an'izay angatahanao ianao. Amena.

154 Mino ve ianao? Raha mety mino ianao, dia afaka mahazo. Aza misalasala. Ahoana ny amin'ny eny aoriana ato amin'ny mpanatrika? Mino ve ianareo?

155 Ery amin'ny farany aoriana ery, ramatoa mainty hoditra iray mipetraka eo amin'ny ankavia mihitsy, tratry ny aretimbehivavy, mipetraka ao amin'ity. . .eo amin'ny ankavia. Raha mino amin'ny fonao rehetra ianao, ramatoa, dia afaka mahazo ny fahasitrananao. Mino an'izany ve ianao? Marina izany. Ilay ramatoa mainty hoditra mipetraka eo akaikin'ny andry, eo akaikin'ny lehilahy iray. Manangana ny tànany izy ankehitriny. Tratry ny aretim-behivavy ianao. Eny àry. Nanasitrana anao ny Tompo Andriamanitra, ranabavy. Ny finoanao no nanao anao ho salama.

156 Tsy afaka mahita an'io Hazavana mihantona eo ambonin'io vehivavy eo io ve ianareo? Jereo eo.

157 Oh, mahafinaritra toy ny ahoana! Tsy diso mihitsy ny Tompo Andriamanitra. Aoka hanaja. Oh, tena faly aho fa velona Izy. Velona ao am-pontsika Izy.

158 "Raha mety mino ianao, dia azo atao ny zavatra rehetra."

159 Ataoko fa samy vahiny isika. Tsy mahafantatra anao aho. Tsy mbola nahita anao mihitsy aho. Fa Andriamanitra no

tena mahafantatra anao. Raha efa mba nahita anao aho, dia tsy fantatro. Fa raha hanambara amiko an'izay itsangananao eto ny Tompo, dia hino ahy ho Mpanompony ve ianao, hino fa nitsangana tamin'ny maty Izy? Raha vahiny isika, dia tsy maintsy hisy karazana hery iray hanambara an'izany amiko, izay maha-eto anao. Eto ianao nohon'ny varisin'ny làlan-drà izay ivavahanao. Marina izany.

160 Ankehitriny mivavaha ho an'ny olon-kafa, dia jereo raha mpanompon'Andriamanitra aho. Mivavaha fotsiny ho an'ny olon-kafa, dia jereo raha afaka manambara an'izany Izy.

Mino an'izany ve ianao?

161 Eny, mikorontan-tsaina izy, ary tratry ny aretin'ny voa. Ary mipetraka any Corydon izy. Marina izany, sa tsy izany? Noho izany, mino ve ianao? Mandehana ankehitriny ka raiso fotsiny izay nangatahanao.

162 Mangataka aminareo aho. Mihaika ny finoanareo aho mba hino an'izany. Na aiza na aiza ato amin'ny tranobe, tsy mampaninona na aiza no misy anareo, minoa an'izany fotsiny.

163 Ery aoriana indrindra, mitsangana ilay lehilahy tanora ery aoriana ery, mivavaka ho an'ny sakaizany any Fort Wayne, izay jamba. Mino ve ianao fa hanasitrana azy Andriamanitra? [Hoy ilay rahalahy hoe, "Amena."—Mpand.] Eny àry, noho izany dia afaka mahazo an'izany ianao.

164 Ny sisa aminareo ery aoriana ery, minoa. Eny amin'ny farany aoriana, eny amin'ny farany aoriana, minoa. Mihaika aho, mihaika an'Izany. Hamindra fo anie Andriamanitra.

165 Ilay ramatoa mainty hoditra mipetraka eo ambaninao eo mihitsy, miaraka amin'ny fivontosana iray. Mino ve ianao fa hanasitrana anao ny Tompo, ramatoa; eo amin'ny seza aoriana mihitsy, seza tena aoriana mihitsy ery aoriana ery, manao satroka kely, boribory, manangana ny tànany? Mino ve ianao fa hanasitrana anao amin'io fivontosana io Andriamanitra? Raha mino ianao, dia atsangano ny tànanao ka ahofahofaho Aminy izany. Eny àry. Noho izany dia mandehana mody ary aoka ho salama.

Oh, mahafinaritra Izy!

166 Indro misy ramatoa iray mipetraka eto alohany eto mihitsy, mipetraka ao anatiny, aoriana kely fotsiny. Mivavaka ho an'ny olon-kafa izy. Io ilay Anjelin'ny Tompo mitsangana eo akaikiny. Ary io sakaizany io, izay mivavaka...izay ivavahany, dia tsy mipetraka eto. Ao amin'ny tanàna kely iray izay misy hazo kesika betsaka manodidina izany. Henryville izany, Indiana. Ary mivavaka ho an'ny zaobaviny izay tratry ny aretimpo izy. Afaka mino an'izany ve ianao? Raha afaka mino an'izany ianao, mipetraka ery aoriana ery, dia manàna finoana an'Andriamanitra ka raiso izany. Eny àry.

167 Eny àry, ramatoa. Vahiny amiko ianao. Tsy mahafantatra anao aho, fa Andriamanitra dia tena mahafantatra anao. Raha mino an'izany ianao, dia atsangano ny tànanao, ramatoa. Ilay ramatoa manao solomaso eo. Eny àry, izay ilay izy.

168 Inona no hevitrao? "Ny Tompo Andriamanitsika, Izy no Andriamanitra." Tsy maty Izy. Tsy maty Izy, fa velona Izy. Tsy hoe velona fotsiny ihany Izy, fa manatrika Izy.

Ity ve ilay. . . [Hoy ny olona iray hoe, "Eny."—Mpand.]

169 Samy vahiny ve isika, heveriko? Ity no fotoana ihaonantsika voalohany, heveriko. Fa Andriamanitra dia mahafantatra antsika roa. Inona no tena atahoranao? Ary ajanòny ny fieritreretana an'ireny fofona sy ranomanitra ireny, sy ny sisa. Mialà lavitra an'izany. Minoa an'Andriamanitra fotsiny. Manana an'izany ao an-tsainao fotsiny ianao. Mandehana miverina mody ary aoka ho salama, raha mino an'izany ianao.

170 Efa nanana aretina iray ianao. Hitako ianao miditra ary mivoaka ny hopitaly; indray, indroa, intelo, fandidiana. Ary ho an'ny tsinaibe izany. Fivontosana ilay izy, mitovy, ao amin'ny tsinaibe. Ary tsy avy amin'ity tanàna ity ianao. Kentuckiana iray ianao. Ary ianao dia avy amin'ny tanàna iray izay efa nisy ahy, Campbellsville. Rtoa. Vaughn, miverena ka minoa. Afaka mahazo an'izay nangatahanao ianao.

171 Mino amin'ny fonao rehetra ve ianao?

172 Te-handeha hihinana ny sakafo harivanao ve ianao ka ho sitrana amin'ny aretim-bavony? Eny àry, mandrosoa. Manàna finoana an'Andriamanitra.

173 Te-ho afaka amin'io aretin-kozatra io ve ianao ka ho salama? Tohizo fotsiny ny làlanao, minoa an'izany.

174 Mino ve ianao fa hanasitrana an'io aretim-po io Andriamanitra? [Hoy ny rahalahy iray hoe, "Azo antoka."—Mpand.] Tohizo ny làlanao. Minoa an'izany.

175 Ity lehilahy mipetraka eto amin'ny farany eto ity, miaraka amin'ny lobaka fotsy. Tsia, Rahalahy Funk izany. Aoriany mihitsy ilay izy. Mila ny batisan'ny Fanahy Masina ianao, sa tsy izany? Eny àry. Raha hino an'Izany ianao, dia afaka mahazo an'Izany. Amena.

176 Inona no hevitrao, ilay ramatoa kely mipetraka eto miaraka amin'ny aretin-kozatra, mijery ahy manatrika? Ianao, avy any Middletown, Ohio. Te-hino an'izany ve ianao? Finoana tsara izany, ho an'ny olona iray izay tsy Kristiana iray akory aza. Tsy milaza ho Kristiana iray ianao. Marina izany. Manaiky Azy ho Mpamonjinao ve ianao ankehitriny? Mino Azy ve ianao ka hanaiky Azy ho Mpamonjinao, ilay Tompo nitsangana? Tsy mahafantatra anao aho. Tsy mbola nahita anao mihitsy aho. Marina izany. Fa raha hanaiky Azy ho Tomponao nitsangana ianao, izao ankehitriny izao ao am-ponao, dia voavela ny

fahotanao, ary hanasitrana anao Andriamanitra. Atsangano Aminy ny tànanao ka minoa Azy. Eny àry. Zory ny làlanao, ka mifalia.

Mihaika ny finoanao aho. Mihaika anao aho mba hino an'izany.

177 Samy vahiny isika, saingy Andriamanitra dia mahafantatra anao. [Hoy ilay rahalahy hoe, "Fantatro ianao, fa ianao tsy mahafantatra ahy."—Mpand.] Mahafantatra ahy ianao, fa izaho tsy mahafantatra anao. Izany ve ilay izy? Mino ve ianao fa afaka manambara amiko an'izay maha-eto anao Andriamanitra? ["Amena."]

178 Eny àry, firy no hino an'izany?

179 Oh, ahoana no ahafahanareo tsy hino? Andriamanitra ve tsy afaka. . . Efa mba nanokatra ny masonareo ve Andriamanitra? Maro aminareo olona eto no mahafantatra ahy. Notezaina niaraka taminareo teto aho. Ahoana no ahafahako. . . Miverena any aoriana manerana ny fiainako, ka jereo raha mba nisy zavatra iray voalaza ka tsy miseho tanteraka mihitsy ho ny Fahamarinana. Karohy izany dia jereo raha marina izany.

180 Eny, inona no teneniko aminareo? Nitsangana tamin'ny maty Jesosy Kristy. Velona Izy. Eto Izy. Paska izao. Ary efa Paska izany nandritry ny roa arivo taona. Fa mamiratra ireo Hazavan'ny hariva ankehitriny. Namiratra tany Atsinanana Izy tamin'izany, mamiratra any Andrefana ankehitriny.

181 Tompoko, afaka hitohy mandritry ny ora maro izany. Raha milaza ilay lehilahy fa tsy mahafantatra azy aho. . . Efa nahita ahy angamba izy tao amin'ny fivoriana iray tany ho any na toerana iray. Tsy fantatro. Andriamanitra no mahafantatra. Izaho tsy mahafantatra. Tsy fantatro hoe taiza no mba nahitako azy. Tsy fantatro hoe efa mba nahita azy aho. Fa izy no nilaza fa efa nahita ahy. Raha hanambara amin'io lehilahy io Andriamanitra, zavatra iray izay fantany, tahaka ny nandehanan'i Filipo mihitsy ka naka an'i Natanaela ary nitondra azy, dia firy no hanao hoe, "Izany no handamina an'ilay izy mandrakizay, ho ahy"?

182 Hihazona ny tànanao ve ianao, hoe tsy mahafantatra anao aho. Atsangano fotsiny ny tànanao raha tsy mahafantatra anao aho, tsy mahafantatra na inona na inona mikasika anao. Tsy mahafantatra na inona na inona mikasika anao aho, tsy mbola nahita anao mihitsy teo amin'ny fiainako, araka ny fantatro.

183 Ankehitriny, raha hanaiky an'izao Andriamanitra, dia firy no hanao hoe, "Hanaiky Azy aho izao ankehitriny izao ho ilay Tompo nitsangana, ho mpanasitrana ahy"?

184 Ny hanasitrana anao, dia tsy vitako, tompoko. Tsy manana hery hanasitrana aho. Ny zavatra tokana ananako

dia fanomezam-pahasoavana iray izay avelan'Andriamanitra hataoko.

185 Ary ankehitriny satria reraka sy malemy, dia saiky mamono ahy ireo fahitana ireo. Ratsy kokoa ilay izy, sarotra kokoa noho ny mitory teny izany, na mitsangana ao anatin'ny dobo. Sarotra ilay izy. Saingy tsara Andriamanitra.

186 Mijaly amin'ny zavatra tsy mety ianao amin'ny taolan-damosina. Ary fivontosana iray izany, miteny aminao izy ireo, eo amin'ny taolan-damosinao. Marina tokoa izany. Hino ve ianao ankehitriny?

187 Jereo ankehitriny. Arakaraky ny iresahako betsaka amin'ilay lehilahy, no haha-betsaka ny voalaza. Te-hangataka aminareo aho ankehitriny, aoka hanaja fotsiny. Aoka hanaja. Mivavaha ho an'ny olona iray, dia jereo raha hanambara an'izany ny Tompo. Hangataka aminareo rehetra aho hanao an'ilay zavatra iray ihany, ataovy fotsiny ao an-tsainareo . . .

188 Nahoana, hitanareo, tsy misy na inona na inona ato amiko. Tsy afaka hanampy anareo aho. Olona iray aho.

189 Ary, fa Jesosy no Andriamanitra, ary manatrika Izy. Ianareo ve tsy afaka . . . Misokatra ve ny masonareo mba—mba hahita an'izany? Tsy mijery ny any ankoatry ny lamban'efitra ve ianareo, mba hahita? Nandritry ny roa arivo taona, no efa nahateto Azy; niresaka taminareo Izy, tao amin'ny Teny; niresaka taminareo Izy, tao amin'ny toriteninareo, hatramin'ny farany. Ary indro Izy ankehitriny, manao ny Tenany ho voaseho.

190 Miezaka mihazona anao eo amin'ny foko aho. [Hoy ilay rahalahy hoe, "Manelingelina ahy ny lamosiko."—Mpand.] Eny, mahita anao nozahana aho. Ao amin'ny taolan-damosinao ilay izy. Fivontosana iray ilay izy. Ary mivavaka ho an'ny vadinao ianao. Raha haneho amiko an'izay tsy mety amin'ny vadinao Andriamanitra, dia hino ahy ho Mpaminaniny ve ianao? Ny sofiny izany. Tsy izany ihany, fa mahita lehilahy tanora iray miseho aho. Zanakao lahy izany. Raha hanambara amiko Andriamanitra hoe inona ny olana amin'ny zanakao lahy, dia hino ahy ho Mpaminaniny ve ianao? Hino an'izany ve ny mpanatrika? Ry tovolahy, eto, aretin'ny fikorontanan-tsaina iray sy aretin-koditra ilay izy. Tena marina tokoa izany. Izany no HOY NY TOMPO HOE. Mino ve ianao fa azonao izay angatahanao? [Hoy ilay rahalahy hoe, "Amena."—Mpand.] Noho izany dia zory ny làlanao ka mifalia.

191 Firy no mino amin'ny fonareo rehetra?

192 Ankehitriny dia tiako ianareo hanao zavatra ho ahy. Apetraho eo amin'ny anankiray hafa ny tànanareo, mandritry ny iray minitra fotsiny. Na aiza na aiza fotsiny itsangananareo, dia apetraho eo amin'ny iray hafa ny tànanareo.

193 Fotoana iray toy ny inona! Tsy afaka mahita ve ianareo, ry sakaiza? Tsy afaka mahazo ve ianareo fa tsy mety ho izaho izao?

194 Eny, eo ilay ramatoa kely manao solomaso, miaraka amin'io aretim-behivavy io, io fitsihana io. Aza manahy mikasika an'izany, intsony, mipetraka eo. Tapitra ilay izy. Mivadika ho Hazavana ilay izy. Niala taminao izany.

195 Misy Zavatra manatrika; Zavatra izay ivelan'ny voajanahary, Zavatra izay tena misy. Fantany ny fahotanareo. Fantany ny rehetra mikasika anareo. Tsy Izy ve no Tompo Jesosy? Noho izany, dia teneniko aminareo. Raha niteny an'izany taminareo ho ny fahamarinana aho, ka Izy no nanaporofo an'izany ho ny fahamarinana, dia miteny aminareo ny fahamarinana aho ankehitriny. Ny tsirairay avy aminareo dia afaka ho sitrana izao ankehitriny izao, raha hanaiky an'izany fotsiny ianareo; tsy avy amin'ny lohanareo, fa avy amin'ny fonareo. Raha handamina an'izany ianareo ankehitriny, hoe ao amin'ny Fanatrehan'ilay Andriamanitra faratampon'ny hery ianareo, hoe manatrika Izy ankehitriny, dia tsy misy ilàna olona malemy iray hivoaka avy ato amin'ity tranobe ity. Ny tsirairay avy amintsika dia afaka mandeha salama tanteraka, raha hino an'izany fotsiny ianareo. Raha mihaino ny fivavako Izy eto, dia hihaino ny fivavako Izy eo. Tsy mihaino ny fivavako fotsiny Izy, hihaino ny vavakareo Izy.

196 Ankehitriny, hoy ny Baiboly hoe, "Izy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay." Efa Noporofoiny izany. Hoy ny Baiboly hoe, "Nitsangana tamin'ny maty Izy." Efa Noporofoiny izany. Marina ve izany?

197 Ankehitriny dia te-hanontany zavatra aminareo aho. Jesosy no nilaza an'izao, Ireo Teniny farany talohan'ny Nandaozany ny tany hoe, "Izao famantarana izao no hanaraka an'ireo izay mino." Firy no mpino ato? Manaova hoe, "Amena." [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Ianareo no mpino ankehitriny. "Izao famantarana izao no hanaraka an'ireo izay mino. Raha mametraka ny tànany eo amin'ny marary izy ireo, dia ho sitrana ireny." Marina ve izany teny fikasana izany? Eny, ianareo no mpino. Mifametra-tànana ianareo. Noho izany, dia marina ny Baiboly.

198 Ankehitriny ny tsirairay avy aminareo dia mifampivavaha, tahaka ny ataonareo ao amin'ny fiangonanareo manokana mihitsy. Apetraho eo amin'ny anankiray hafa ny tànanareo, ny tsirairay avy mivavaha ho an'ny anankiray hafa, raha mifametra-tànana ianareo ankehitriny. Mifampivavaha fotsiny, raha mivavaka aho ankehitriny.

199 O Tompo, raha tonga Ianao izao hariva izao ka mandray Ny Fiangonanao, dia tsy manana fialan-tsiny iray izahay. Eto Ianao. Ary raha mihantona eo amin'ny rindrina io sary io, an'ilay Andry Afo izay nitarika ny zanak'Isiraely, dia

mbola ilay Andriamanitra iray ihany foana Ianao izao hariva izao, miaraka amin'ilay hery iray ihany sy ireo fanehoana iray ihany. Nitsangana tamin'ny maty Ianao, ary izao no porofo fa nitsangana tamin'ny maty Ianao. Ankehitriny, Tompo Andriamanitra, manaova asa lehibe ao am-pon'ny olona. Mamelà ny fahotana rehetra, ary sitrano ny aretina rehetra. Valio ny vavak'izy ireo, Tompo. Ary henoy ankehitriny ny vavaky ny Mpanomponao.

200 Manameloka ny aretina rehetra aho ankehitriny, ny demony rehetra, ny herin-devoly rehetra; ka milaza amin'ilay devoly hoe, "Mivoaha amin'ity vahoaka ity. Mivoaha amin'izy ireo, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, ilay Zanak'Andriamanitra. Mialà amin'ity vahoaka ity. Mifametra-tànana izy ireo. Mpanompon'Andriamanitra izy ireo. Mivoaha, Satana. Mandidy anao aho, amin'ny Anaran'i Jesosy. Mivoaha, ary aoka hatsipy ao amin'ny aizina ianao, ka tsy hanelingelina azy ireo intsony. Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy."

201 Firy aminareo no mino fa nanasitrana anareo Andriamanitra izao ankehitriny izao? Mitsangàna. Raha mandringa iray ianareo, dia mitsangàna na ahoana na ahoana. Izay ilay izy. Tsy efa niteny taminareo ve aho, fa ho hitanareo ny voninahitr'Andriamanitra? Raha misy mandringa ato izay tsy afaka nandeha, dia mandehana mandroso-sy-miverina eo amin'ny làlantsara. Raha misy anankiray eto izay marenina ao amin'ny sofina anankiray, dia apetraho eo amin'ilay sofina tsara ny rantsan-tànanareo ka mihainoa avy amin'ilay anankiray ratsy. Ny olona rehetra eto izay ory, tsy afaka nanangana ny tànany; dia atsangano. Kristy . . . Jereo ireo—jereo ireo tànana mitsangana, izay ory eo amin'ny tànany. Amena. Nilaza aho fa eto Izy.

202 Eny àry, Ranabavy Gertie.

> Velona Izy, velona Izy, velona Kristy Jesosy androany!
> Mandeha miaraka amiko Izy ary miresaka amiko Izy manerana ny làlan-terin'ny fiainana.
> Velona Izy, velona Izy, hizara famonjena!
> Manontany ahy ve ianao hoe ahoana no ahafantarako fa velona Izy? Velona ato anatin'ny foko Izy.

203 Izao indray, ny olona rehetra!

> Velona Izy, velona Izy, velona Kristy Jesosy androany!
> Mandeha miaraka amiko Izy, miresaka amiko Izy manerana ny làlan-terin'ny fiainana.
> Velona Izy, velona Izy, hizara famonjena!

Manontany ahy ve ianao hoe ahoana no ahafantarako fa velona Izy? Velona ato anatin'ny foko Izy.

204 Aoka ity mpanatrika lehibe ity hanao hoe, "Haleloia!" [Hoy ny fiangonana hoe, "Haleloia!"—Mpand.] Velona ny Tompo! "Velona ny Tompo!" Deraina Ny Anarany! "Deraina Ny Anarany!" Haleloia! "Haleloia!"

Velona Izy, velona Izy,

Ndao isika hanofahofa ny tànantsika Aminy.

. . . velona Jesosy androany!
Mandeha miaraka amiko Izy, miresaka amiko Izy manerana ny làlan-terin'ny fiainana.
Velona Izy, velona Izy, hizara famonjena!
Manontany ahy ve ianao hoe ahoana no ahafantarako fa velona Izy? Velona ato anatin'ny foko Izy.

205 Firy no tia an'izany hira fahiny izany, manaova hoe, "Amena!" [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena!"—Mpand.] Raiso ny tànan'ilay olona eo akaikinareo. Manaova hoe, "Deraina ny Tompo! Deraina ny Tompo!" Deraina ny Tompo! Deraina ny Tompo!

Eny àry, *Ny Finoako Miandrandra Anao*. Oh, ahoana fa mah-. . .

. . . finoako miandrandra Anao,
Ianao ry Zanak'ondrin'i Kalvary,
Mpamonjy Masina;
Ankehitriny henoy aho raha mivavaka,
Esory ny heloko rehetra,
O avelao aho manomboka amin'ity andro ity
Ho Anao manontolo!

206 Ndao isika hanondrika ny lohantsika ankehitriny, am-panajana, ao amin'ny Fanatrehan'ilay Andriamanitra faratampon'ny hery sy Tsitoha. Enga anie ny Tompo Andriamanitra hanaiky ny Fitahiany ho an'ny tsirairay avy. Enga anie ny Tompo hitahy anareo, ny tsirairay avy, betsaka, hanome anareo ny tsara indrindra izay misy. Enga anie ny Fahasoavany hitoetra eo aminareo, ny tsirairay avy izay mitsangana ho an'ny fahasitranany. Aza mandà an'izany mihitsy. Maro no voavonjy. Maro no nanaiky an'i Kristy. Kristy manambara an'ireo tsiambaratelon'ny fo.

207 Manasa anareo izahay hiverina, ireo vahiny, ao amin'ny tabernaklanay, ao amin'ny fanompoanay.

208 Nihira vetivety fotsiny aho, mba hahafahan'ilay hosotra hiala kely amiko mandritry ny iray minitra, mba hahafahako miresaka. Faly aho fa teto ianareo. Andro iray lehibe ny niaraka taminareo. Andriamanitra hitahy anareo.

209 Ho an'ny tabernakla, amin'ny Alahady heriny hariva dia fandraisana, fanasan-tongotra. Ny tsirairay aminareo olona ao amin'ny fiaraha-moninay, mijanòna ka jereo izahay. Mivavaha ho anay mandra-pihaonantsika indray.

210 Ndao isika hanondrika ny lohantsika ankehitriny. Hangataka ny pasitera isika, ho tonga hampirava antsika, na hilaza an'izay iriany.

58-0406E Ny Porofon'Ny Fitsanganana
Branham Tabernacle
Jeffersonville, Indiana U.S.A.

MALAGASY

©2026 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

VOICE OF GOD RECORDINGS
P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.
www.branham.org

## Filazana fahefan'ny tompon'ny boky

Tsy azo adika. Ity boky ity dia azo atao printy amin'ny fanaovam-printy ao an-trano ho an'ny fampiasana manokana na ho zaraina, tsy misy sarany, ho fitaovana iray hanaparitahana ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy. Ity boky ity dia tsy azo amidy, na adika indray amin'ny refy lehibe, na alefa amin'ny siteweb iray, na tehirizina amin'ny fomba nisy nanesorana, na adika amin'ny fiteny hafa, na ampiasaina ho fangataham-bola raha tsy misy alàlana voasoratra mazava avy amin'ny Voice Of God Recordings®.

Ho an'ny fanazavana fanampiny na ho an'ny fitaovana hafa efa azo raisina, dia iangaviana hifandray amin'ny:

VOICE OF GOD RECORDINGS

P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.

www.branham.org